Ho An'Ny Inona No Nanomezana Ny Fanahy Masina?

Hitanareo, mino ny fametrahan-tànana Rahalahy Neville.

Hitako fa manana fanontaniana vitsivitsy aho. Ankehitriny, ho entiko izy ireto rahampitso hariva, satria tsy manana fotoana handinihana azy ireo ho anareo aho izao hariva izao, eo amin'ny Hafatry ny hariva farany angamba. Ankehitriny, raha misy olona manana fanontaniana iray eo amin'ny anankiray amin'ny Hafatra, dia apetraho izy ireo amin'ny hariva iray, ary afaka maka azy ireo aho ny hariva manaraka.

2 Ankehitriny, rahampitso hariva dia tiako ny hahita, na hahazo, raha ny marina, an'ireo mpitoriteny sasany, raha azo atao; raha tsy izany, ireo lehilahy na vehivavy tsara sasany, matanjaka izay azontsika antsoina amin'ny fotoana ilaina azy, ka amin'ny fisehon-javatra . . .

Rahampitso hariva isika dia hanomboka, aorian'ny Hafatra, hametra-tànana, ary, ho an'ny Fanahy Masina. Ary avy eo, dia hisy ny . . . Manana ny tombontsoanareo ianareo ny hijanona eto mihitsy raha irianareo izany, mandritry ny andro fety, raha izany no ilaina mba hahafatesana. Ary avy eo—avy eo, raha tsy izany, raha maniry ny handeha ho any an-tranonareo manokana ianareo, nahoana, dia ho faly izahay, raha ho tonga eo amin'ny toerana iray ianareo izay . . . Tsy fantatrareo fotsiny izay haleha . . .

Te-hahazo an'ireo mpitoriteny sasany izahay, ireo nomeraony, raha mpitsidika izy ireo; ireo nomeraony, aiza izy ireo no mipetraka, mba hahafahanay mifandray amin'izy ireo avy hatrany; ka ny iray mankao amin'ny trano iray, ny iray mankao amin'ny iray hafa, ary ny iray mankao amin'ny iray hafa, mba hahafahan'izy ireo manome toro-marika anareo, ianareo izay hitady an'io fitahiana lehibe izay resahanay io, ny batisan'ny Fanahy Masina.

3 Omaly hariva isika dia niresaka hoe, "inona Izany." *Inona Ny Fanahy Masina?* Ary hitantsika fa Izany dia saiky zavatra iray mihitsy, izay nampanantenain'Andriamanitra antsika. Ah-hah. Tao amin'Izany no nahitantsika mihitsy izay ilain'ny Fiangonan'Andriamanitra. Hitantsika fa Izany dia tombokase iray, Mpampionona iray, ny fitsaharana, sy ny fifaliana, sy ny fiadanana, ary ny fitsanganana. Ary izay rehetra

nampanantenain'Andriamanitra ho an'Ny Fiangonany, dia mipetraka ao anatin'ny Fanahy Masina.

4 Ary ankehitriny, izao hariva izao, dia tiantsika ny hitory eo amin'ny, na hiresaka eo amin'ny, hampianatra eo amin'ny . . . Manana eo amin'ny takelan-dahateny telo na efatra eo aho, na Soratra, eo amin'Izany, izay misy . . . Omaly hariva dia navelako nipetraka teto ny Cruden's Concordance-ko, ary tsy nalaiko ilay izy. Ary tsy maintsy nanatanteraka ny tsara indrindra izay vitako aho androany tamin'ny Soratra. Ankehitriny, ary rahampitso . . . Izao hariva izao isika dia hampianatra eo amin'ny: *Inona No Tanjon'Andriamanitra Nandefasana Ny Fanahy Masina?* Ho an'ny inona Izany? Raha zavatra iray lehibe tahaka an'izany Izy, dia nahoana àry Andriamanitra no nandefa Azy?

5 Avy eo, rahampitso hariva isika dia te-hiresaka eo amin'ny: *Ho Anareo ve Izany?* sy *Ahoana No Ahazoanareo Azy?* ary *Ahoana No Ahafantaranareo Raha Nahazo Azy Ianareo?*

Ary avy eo, rehefa avy mandinika an'izany isika, miaraka amin'ireo Soratra, manazava an'izany amin'ny alàlan'ireo Soratra, mampiasa an'ireo Soratra ho an'ny zavatra rehetra, amin'izay fotoana izay dia handroso ireo izay mitady ny Fanahy Masina arak'izany. Ary antenaiko fa an-dàlana ny fifohazana amin'izay fotoana izay, manomboka eo, mba handroso avy eo miaraka amin'ny Fanahy Masina.

6 Ankehitriny, satria mety misy maro no somary hijanona vetivety ao amin'ny efitra ato amin'ny fiangonana rahampitso hariva, dia tsapako fa raha afaka hahazo mpitoriteny maro isika sy ireo olona izay manana fahatsapana amin'ny fitarihana ny olona handray ny Fanahy Masina, mba hampahery azy ireo, mandeha any an-trano miaraka amin'ny—ny vehivavy iray sy ny vadiny, na—na miaraka amin'ny olona iray izay mitady ny Fanahy Masina, izay nahazo toro-marika tsara eo amin'izay hatao.

Raha hanome fotsiny ny nomeran'ny telefonareo na ny adiresinareo an'ilay pasitera ianareo, izao hariva izao na rahampitso hariva. Omeo an-dRahalahy Neville fotsiny ilay izy, amin'izay fotoana izay dia hanao antsika hiangona ho an'ny fivoriana iray izany. Omeo fotsiny ny nomeraon'ny telefonareo izay hahafahanay mahazo anareo. Ary amin'izay fotoana izay dia manaova hoe, "Ho afaka aho, ary raha isika . . . te-hametraka ahy ao amin'ny trano iray ianareo." Raha ilay izy dia—dia vehivavy irery, amin'izay fotoana izay dia afaka handefa vehivavy iray izahay, hitanareo, ho any amin'io vehivavy io. Ary avy eo, raha ao amin'ny trano iray izay misy lehilahy iray sy ny vadiny ilay izy, nahoana, dia afaka mandefa mpitoriteny iray izahay.

Ary ho faly izahay ny hanana anareo hiara-hiasa, satria fantatro fa ianareo dia, ny tsirairay avy, liana amin'ity, ity zava-dehibe indrindra ity. Ary tsarovy, "Izay mamonjy fanahy iray nohon'ny fahadisoany, dia nanarona fahotana maro." Hitanareo? Ary noana sy mangetaheta ny Ampakarin'i Kristy. Izy dia ao amin'ny fihetsehan-jaza, mba hiteraka an'ireo zanak'Andriamanitra.

7 Ary ankehitriny, izao hariva izao, alohan'ny hamakiantsika an'ireo Soratra, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety ho an'ny vavaka. Ary alohan'ny hivavahantsika mihitsy, ianareo miaraka amin'ny lohanareo miondrika, hanana fangatahana iray ve ianareo? Atsangano fotsiny ny tànanareo ka manaova hoe, "Andriamanitra, manangana ny tànako am-panajana aho. Manana ilaina aho. Mivavaka aho mba Hanampianao ahy, O Tompo." Andriamanitra hitahy ny tsirairay avy aminareo. Izy no mahita ny tànanareo. Ireo Anjely no nandray naoty ny fangatahan'izy ireo.

8 Ary, Ray any An-danitra, tonga izahay ankehitriny, manatona Anao indray amin'ny vavaka. Fa, tsy isalasalana fa efa natao teo anivon'ny zanak'Andriamanitra ny vavaka izao hariva izao, ato amin'ity toerana kely ity, ary efa nohiraina ireo hira, ary efa nanandratra ny fonay tao amin'ny fifaliana feno hafaliana izahay teo amin'ireo fiderana an'Andriamanitra.

9 Nilaza i Davida fa hiditra ao amin'ny fiangonan'ny olo-masina izy ka hampahafantatra an'ireo fangatahany. Ary izao hariva izao, dia nisy tànana maro. Angamba, mety, hataoko hoe, ny valopolo isan-jaton'ireo izay mipetraka ato amin'ny tranobe izao hariva izao no nanangana ny tànany ho an'ireo fangatahana. Maneho izany, Tompo, fa tsy afaka handeha tsy misy Anao mihitsy izahay. Tsy maintsy manana Anao izahay, isan'andro. Ianao no Fiainanay, fifalianay, fahasalamanay, tanjakay manohana, tohanay, fiarovan-tratranay, ampinganay amin'ny fahavalo.

Ary tsy afaka hiady an'ity adim-piainana ity mihitsy izahay raha tsy misy Anao. Tena tsy ho azonay hatao tanteraka mihitsy izany, ary tsy maintsy miankina Aminao tanteraka izahay. Satria, fantatray fa mandeha eo amin'ny tany maizina sy malomaloka iray izahay. Nanafika anay teo amin'ny lafiny rehetra ilay fahavalo, teo amin'ny fanomezana an'ireo fandrika sy singotra. Ireo làlanay, Tompo, dia feno an'ireo singotry ny fahavalo, handavo anay.

10 Ary izahay, ihany koa, dia mahafantatra, fa amin'ny faran'ny làlana dia handalo eo amin'io lohasaha lava, feno aloka antsoina hoe fahafatesana io izahay. O Tompo, iza no hihazona ny tànanay amin'izany fotoana izany? Te-hahafantatra Anao izahay ankehitriny, Tompo. Te-hahafantatra izahay fa Ianao no mihazona ny tànanay, ary izahay mihazona ny Tànanao, mba

hahafahanay hahazo an'io antoka mifikitra io ka rehefa tonga eo amin'io fotoana lehibe farany an'ny fiainanay io izahay, ilay fidirana eo amin'io varavarana antsoina hoe fahafatesana io, dia afaka hilaza miaraka amin'ny olo-masina fahiny izahay hoe, "Mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsanganany aho, ary fantatro fa rehefa miantso Izy, dia hivoaka avy eo anivon'ny maty aho."

11 Ankehitriny, Andriamanitra Ray, dia hivavaka izahay mba Hitahianao ny fangatahanay sy ny fivorianay. Tahio Ny Teninao. Ary raha hilaza zavatra izay hifanohitra amin'Ny Teninao na ny Sitraponao aho, dia mbola manana an'ilay hery hanakombona ny vava Ianao, tahaka ny Nataonao tao anatin'ilay lavaky ny liona rehefa tonga tao Daniela. Ary mivavaka izahay, Tompo, mba Hanokafanao ny sofinay sy ny fonay izao hariva izao, mba, ary hamorona hanoanana sy hetaheta iray ao anatin'izy ireo. Enga anie izy ireo ho tena hangetaheta ka tsy afaka hatory na hiala sasatra, na aiza na aiza, mandra-pahatongan'ilay Mpampionona.

12 Mino izahay fa miaina ao amin'ireo andro farany izahay, ao amin'ny aloky Ny Fihaviany. Ary izany no nandefasana an'ireo Hafatra ireo, Tompo. Izany dia mba handraisan'ny olona fitandremana, handraisana fampitandremana. Ary enga anie, izao hariva izao, hanala an'ireo akora izahay, izao ankehitriny izao, hametraka an'izany eo amin'ny ilan'ilay morona, hanao hoe, "Tompo Andriamanitra, fanarian-javatra iray ho Anao aho. Aoka hanonjanonja manerana ahy Ny Fanahinao. Lasiro aho ary amboary araka ny Sitraponao. Hatolotro ny foko, ny tanjako, ny amiko rehetra, ho an'ny Antonao."

13 Henoy izahay, Tompo. Tsy eto izahay mba ho hita, amin'ity hariva manorana ity. Tsy eto izahay nohon'ny tsy fisian'ny toeran-kafa aleha fotsiny. Eto izahay ho an'ny tanjona feno haja iray, voatokana, masina ao am-ponay, izany dia, ny hanakaiky Anao, mahafantatra fa Ianao no nampanantena hoe raha hanakaiky Anao izahay, dia hanakaiky anay Ianao. Ary izany no maha-eto anay. Izay miditra noana dia tsy hivoaka noana. "Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana," hoy Jesosy, "fa izy ireo no hovokisana." Ary raha mangataka mofo izahay, dia tsy hahazo vato iray. Manana an'izany antoka izany izahay. Ary raha mangataka trondro izahay, dia tsy hahazo menarana iray. Fa, Andriamanitra Rainay no hamahana anay amin'ilay Manan-Danitra, Ny Teniny sy Ny Fanahiny izay manambara Azy. Valio ny vavakay, Tompo, sy ireo fangatahanay, raha miandry Anao hatrany izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy no ivavahanay. Amena.

14 Ankehitriny, ianareo izay mandray naoty an'ireto Soratra ireto, raha afaka hamadika miaraka amiko ao amin'ny Masindahy Jaona indray ianareo, ny toko faha-14. Tehanomboka amin'ny toko faha-14-n'ny Masindahy Jaona isika.

Ary ndao isika hanomboka eo amin'ny andininy faha-14, Masindahy Jaona 14:14, ary hamaky ampahany iray fotsiny avy amin'io Soratra io. Ankehitriny, ao amin'io dia hahita tsoakevitra betsaka ianareo izay tiako resahana izao hariva izao.

15 Ary tsarovy, ianareo izay manana an'ireo Baiboly misy soratra mena, mena ilay izy, ity izany. Izany dia ireo Teny izay notenenin'i Jesosy Izy tenany, koa noho izany dia afaka mijanona hanana antoka isika fa ho tahaka an'izay Nolazainy mihitsy izany. "Ny Lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniny tsy ho diso mihitsy."

Ankehitriny dia hamaky manomboka amin'ny andininy faha-14-n'ny toko faha-14 isika.

> *Raha hangataka zavatra amin'ny anarako ianareo, dia hataoko izany.*

Teny fikasana voatahy iray toy ny inona!

> *Raha tia ahy* ianareo*, dia tandremo ny didiko.*
>
> *Ary izaho hivavaka amin'ny Ray, ary izy hanome anareo Mpampionona hafa iray, ka hitoetra eo aminareo mandrakizay izy;*
>
> *Na dia ny Fanahin'ny fahamarinana aza; izay tsy azon'izao tontolo izao ho raisina, satria tsy hitany izy, . . .*

Ankehitriny, ianareo izay hamaky avy ao amin'ny Baiboly Grika, dia hahita an'izany ato, tsy . . . *Mahita* eto dia midika hoe "mahazo." "Fa tsy mahazo Azy izao tontolo izao." Tena marina izany. Mamelà ahy hamaky an'izany indray ankehitriny.

> *Na dia ny Fanahin'ny fahamarinana aza; izay ny . . . fahamarinana; izay tsy azon'izao tontolo izao ho raisina, satria tsy hitany izy, sady tsy fantany koa izy: fa ianareo no mahafantatra azy* (iza? ilay Mpampionona); *satria mitoetra eo aminareo izy* ankehitriny (fotoana ankehitriny), . . . *mitoetra eo aminareo izy, ary ho ao anatinareo.*

Inona Izany? Ilay Mpampionona iray ihany.

> *Tsy hamela anareo ho kamboty aho: izaho . . .*

Ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny "izaho" dia mpisolo tena.

> . . . izaho *hankaty aminareo.*
>
> *Fa vetivety foana, dia tsy hahita ahy intsony izao tontolo izao; fa ianareo* no . . . *fa ianareo no mahita ahy: satria velona aho, dia velona koa ianareo.*
>
> *Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa izaho ao amin'ny Raiko, ary ianareo ato amiko, ary izaho ao aminareo.*

Eo no ho ivon'ny fisainako, saingy hamaky lavidavitra kely isika. Mamelà ahy ankehitriny hamaky an'izany ihany koa, indray.

> *Amin'izany andro izany* (ilay andro lehibe, ilay andron'ny fitsarana), *izany andro izany dia ho fantatrareo fa izaho ao amin'*ny *Ray, ary ianareo ato amiko, ary izaho ao aminareo.*
>
> *Izay* manana *ny* didiko, *ka mitandrina azy ireo, dia izy no tia ahy: ary izay tia ahy no ho tian'ny Raiko, ary izaho ho tia azy, ary haneho ny tenako aminy.*
>
> *Jodasy dia* nilaza *taminy, tsy Iskariota hoe, Tompo, nahoana ianao no haneho ny tenanao* aminay, *fa tsy* amin'*izao tontolo izao?*

Izany hoe, *kosmos*, ilay "lamina maneran-tany." Raha manana famakiana eo amin'ny sisiny eo ianareo, dia hahamarika. Ny ahy dia "g," ary izany dia milaza eto hoe, "*kosmos,* na rafitra maneran-tany." Izany hoe ireo fiangonana, sy ny sisa, hitanareo.

> . . . *nahoana ianao no haneho ny* tenanao aminay, *fa tsy* amin'izy ireo? Ahoana no Ahafahanao hanao an'izany?
>
> *Namaly Jesosy ka nanao taminy hoe, Raha misy olona tia ahy, dia hitandrina ny teniko izy:* (amena) *ary ny Raiko ho tia azy, ary hiditra ao aminy izahay, ka hanao ny fonenanay ao aminy.*
>
> *Izay tsy tia ahy dia tsy mitandrina ny teniko:* . . .

Mety mitandrina ny tenin'ny fiangonana; fa mitandrina ny Teniny, hitanareo.

> . . . *ary ireo* teny *izay renareo dia tsy ahy, fa ny* Ray *izay naniraka ahy.*
>
> *Izany zavatra izany dia efa noteneniko taminareo, raha mbola mitoetra eto aminareo.*
>
> *Fa ny Mpampionona, dia ny Fanahy Masina, izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra, ary hitondra an'*ireo *zavatra rehetra ireo* (izany hoe, Ny Teniny) *ao amin'ny fahatsiarovanareo, na inona na inona nolazaiko taminareo.*

Inona àry ny tanjona izay nandefasan'Andriamanitra ny Fanahy Masina? Enga anie Izy hanampy ny Fitahiany amin'Ny Teniny.

16 Nilaza Jesosy, hoe, "Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato Amiko; ary ianareo dia . . . Izaho ao aminareo, ary ianareo ato Amiko." Ankehitriny, raha nilaza an'izao isika . . .

17 Ankehitriny, tsarovy, ho ao anaty horonam-peo ity.

Mpandraharaha Kristiana iray, avy any Louisville, no niantso ahy vao teo. Dia hoy izy hoe, "Henatra iray ilay izy, Billy, hoe ireo Hafatra ireo, tahaka ny nolazainao omaly hariva, dia tsy mahazo hatrany amin'ny efatra alina eto afa-tsy olona dimampolo amby zato, na roanjato, telonjato ao amin'ny tabernakla kelinao."

18 Hoy aho hoe, "Tompoko, ao anatin'ny enim-bolana manomboka izao, raha maharitra Jesosy, dia handre an'ity ny manodidina an'izao tontolo rehetra izao." Hitanareo?

Handeha manerana an'izao tontolo izao ireo horonam-peo ireo, hitanareo, ny manodidina rehetra. Ary, noho izany, dia mampianatra fotsiny izahay eto ankehitriny izay inoanay ho ny Fahamarinana, sy izay hitanay fa Andriamanitra no nanamarina an'izany taminay ho ny Fahamarinana.

19 Ankehitriny, ilay tanjona, inona no—inona no tanjon'Andriamanitra nandefasana ny Fanahy Masina? Ankehitriny, ho marihako izany, Jaona 14, manomboka amin'ny andininy faha-14, ary mamaky manerana an'ilay toko, ho an'ny fototra. Ny tanjon'Andriamanitra, hitantsika eto, nandefasana ny Fanahy Masina, dia tanjona iray, mba hahafahan'Andriamanitra Izy tenany hitoetra ao amin'Ny Fiangonany ary hanohy ny Drafiny amin'ny alàlan'ilay Fiangonana.

Fa, tao amin'i Kristy Andriamanitra, nanohy ny Drafiny tamin'ny alàlan'i Kristy; avy tao amin'i Kristy, niditra tao amin'ny Fiangonana, manohy ny Asany amin'ny alàlan'ilay Fiangonana.

20 Ankehitriny, fantatsika hoe inona ny Fanahy Masina. Hitantsika, omaly hariva, fa Andriamanitra Izany.

Ankehitriny, rehefa misaina an'Andriamanitra isika, ilay Ray, araka ny notenenin'i Jesosy eto, Ny Rainy; Andriamanitra, ilay Zanaka, izay Jesosy; Andriamanitra, ny Fanahy Masina, araka ny iantsoantsika Azy amin'izao andro izao, ankehitriny, tsy midika izany fa misy isam-batan'olona telo, Andriamanitra samihafa. Izany dia midika fa Andriamanitra iray no misy ao amin'ny asa telo.

Afaka milaza azy tahaka an'izao isika. Izay rehetra naha-Andriamanitra, dia Narotsany tao amin'i Kristy, satria nanafoana ny Tenany Izy ary nandrotsaka an'Izany tao amin'i Kristy. "Fa Kristy no fahafenoan'ny maha-Andriamanitra ara-batana." Izay rehetra naha-Jehovah, dia Narotsany tao amin'i Kristy.

Ary izay rehetra naha-Kristy, dia Narotsany tao amin'ny Fiangonana; tsy tao amin'ny isam-batan'olona iray, fa tao amin'ilay Vatana manontolo. Koa, eo amin'izay

hahatongavantsika miaraka ao amin'ny firaisana, dia manana Hery isika. Izay rehetra naha-Andriamanitra, dia tao amin'i Kristy; ary izay rehetra naha-Kristy, dia ao aminareo.

"Satria tonga nofo Andriamanitra, ka nonina teo anivontsika." Timoty Voalohany 3:16, raha mandray naoty an'izany ianareo, "Tsy misy adi-hevitra mihitsy fa lehibe ny zava-miafin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra: fa voaseho teo amin'ny nofo Andriamanitra, ary nikasika Azy izahay. Andriamanitra, Jehovah, tonga nofo, ary nandeha teto an-tany, ka nahita Azy tamin'ny masonay izahay."

21 Fantatrareo, ao amin'ilay toko iray ihany, an'ny Jaona 14, hoy i Filipo hoe, "Tompo, asehoy anay ny Ray, dia hahafa-po anay izany."

22 Hoy Jesosy hoe, "Efa ela be izay no Niarahako taminao, ry Filipo, ka tsy mahafantatra Ahy ve ianao? Rehefa nahita Ahy ianao, dia nahita ny Ray. Koa nahoana ianao no milaza Amiko hoe, 'Asehoy anay ny Ray'?" Tonga nofo Andriamanitra.

23 Ankehitriny ity ilay izy. Ny Ray dia Andriamanitra eo amboninareo, izay no lazaintsika. Isika dia efa nisy hatrany amin'i Adama. Andriamanitra, ilay Ray, dia teo ambonin'i Mosesy sy ireo zanak'Isiraely, tao anatin'ny Andry Afo iray. Avy eo, Andriamanitra niaraka tamintsika, tao amin'i Kristy; nandeha niaraka tamintsika, niresaka niaraka tamintsika, nihinana niaraka tamintsika, natory niaraka tamintsika. Andriamanitra eo ambonintsika; Andriamanitra niaraka tamintsika; ary ankehitriny Andriamanitra ao anatintsika. Izay rehetra naha-Andriamanitra, dia niditra tao amin'i Kristy; izay rehetra naha-Kristy, dia niditra tao amin'ny Fiangonana.

Inona izany? Andriamanitra miasa ao anatinareo. Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao Tiany hiantsoana anareo, dia eo avy hatrany ianareo, miasa ao anatinareo mba hanao ny Sitrapony tsara. Toy ny ahoana no tokony isaorantsika an'Andriamanitra ny amin'izany! Andriamanitra, ilay Fanahy Masina, dia nalefa ho an'ny tanjona mba hiainan'Andriamanitra ao amin'Ny Fiangonany, mihetsika manerana ny taona tsirairay, manatanteraka ny Sitrapony Masina.

24 Rehefa maneso anareo ny olona, dia tsy ianareo no esoiny, maneso Azy izay naniraka anareo izy ireo. Noho izany dia hoy Jesosy hoe, "Sambatra ianareo raha hilazan'ny olona ny karazana ratsy rehetra manohitra anareo, am-pisandohana, nohon'Ny Anarako. Sambatra ianareo." Ary, izao koa, "Izay rehetra miaina am-pahamasinana ao amin'i Kristy Jesosy dia hiaritra fanenjehana."

Satria, rehefa nampahafantatra ny Tenany tao amin'i Kristy Andriamanitra, dia nankahala Azy izy ireo. Iza no nankahala Azy, be indrindra? Ny fiangonana. Ny fiangonana no nankahala Azy, be indrindra. Izy ireo no nankahala Azy indrindra noho

ilay—ilay mamolava. Izy ireo no nankahala Azy indrindra noho ireo olona hafa rehetra. Ny fiangonana no nankahala Azy. Koa, noho izany, rehefa mahita ianareo hoe *kosmos,* "Ny lamina maneran-tany, tsy nahafantatra Azy izao tontolo izao," dia midika hoe, "ny fiangonana," mody antsoina, "dia tsy nahafantatra Azy. Tonga tamin'ny Azy manokana Izy, fa ny Azy manokana tsy nandray Azy."

"Fa izay nandray Azy, dia Nomeny hery izy ireo ho tonga zanak'Andriamanitra, ireo izay nino Ny Anarany." Oh, toy ny ahoana no tokony hitiavantsika Azy sy hanompoantsika Azy! Ny tanjon'Andriamanitra, dia te-ho tonga ao amin'ny fiombonana!

25 Ohatra, alohan'ny hialantsika amin'io lahateny io, ndao isika hampiasa an'ity; tamin'ny andron'i Rota, tao amin'ny lalàn'ny fanavotana, rehefa nandao an'ilay firenena i Naomy, nohon'ny fizahan-toetra, ireo fotoan-tsarotra. Nandeha nankany amin'ny tanin'ny Moabita izy, izay matimaty fotsiny, Kristiana ara-anarana. Satria, ireo Moabita dia avy tamin'ny zanakavavin'i Lota, ary mody antsoina hoe mpino izy ireo, sady nifangaro. Ary avy eo dia maty ny vadiny, ary maty ny zananilahy anankiroa. Koa teo amin'ny làlana mody, Naomy . . . Rota sy Naomy, teo amin'ny làlany mody, ny . . . Ny iray tamin'ireo vinantovaviny, Orpa, nilaza izy fa hiverina any amin'ny fireneny, any amin'ireo andriamaniny, sy any amin'ny fiangonany, ary any amin'ny olony. Dia nanandrana hanao an'i Rota hiverina i Naomy, saingy hoy izy hoe, "Ny olonao no oloko. Ny Andriamanitrao no Andriamanitro. Izay ahafatesanao, no hahafatesako. Izay ilevenanao, no hilevenako. Fa tsy hiverina aho."

26 Izany rehefa nahazo fahitana ny olona iray. Tsy manao fahasamihafana amin'izay nolazain'ny olony mihitsy hoe, "Handeha any ianao ho lasa holy-roller iray na zavatra iray." Tsy nanao fahasamihafana tamin'i Rota izany. Nisy tanjon'Andriamanitra iray ho tanteraka teo.

27 Ary azo antoka mihitsy fa noana ny Fanahy Masina ianareo izao hariva izao, zavatra iray ao anatinareo izany, misintona anareo, ka misy tanjon'Andriamanitra iray ao amin'ny fiainanareo izay tsy maintsy tanteraka, tahaka azy tamin'i Rota mihitsy.

28 Tena mahafinaritra ilay tantara! Tsy afaka hiala amin'ilay izy fotsiny aho, vetivety. Fantatrareo ny lalàn'ny fanavotana, fa rehefa Boaza . . . Fantatrareo ilay tantara hoe ahoana no nitsimpontsimponan'i Rota teo amin'ny saha ka nahita fitia tamin'i Boaza. Ary alohan'ny nahafahany nanambady azy, dia tsy maintsy nanavotra an'izay rehetra verin'i Naomy izy. Ary ny olona tokana izay afaka nanavotra ny fananan'i Naomy very, tao amin'ny lalàn'ny fanavotana, dia havana akaiky iray; tsy maintsy ho havana alohan'ny ahafahany manavotra. Ary izany no havany akaiky indrindra. Ary tsy maintsy nanao marika am-

pahibemaso iray izy, tany ivelan'ny vavahady, na fanambarana am-pahibemaso iray fa nanavotra an'izay rehetra verin'i Naomy izy. Ary nataon'i Boaza izany tamin'ny alàlan'ny fanesorana ny kirarony teo anatrehan'ireo loholona, ka nanao hoe, "Raha misy olona eto izay manana zavatra izay an'i Naomy, amin'ity andro ity aho no nanavotra an'izany."

29 Ary tahaka an'izany no nataon'Andriamanitra, nanaraka an'ireo Lalàny Manokana. Andriamanitra tsy afaka manaraka, manome anareo lalàna iray harahina nefa Izy hanaraka hafa iray. Manaraka an'ireo Lalàny Manokana Izy. Noho izany, Andriamanitra, mba hanavotana an'ilay fiangonana very, ilay izao tontolo izao very, ilay famoronana very; Andriamanitra, Izay tsi-manam-pahataperana ao amin'ny Fanahy, mba hanavotana an'ilay taranak'olombelona very, dia Andriamanitra Izy tenany mihitsy no lasa havana, Lehilahy iray, Zanaka iray izay Noforoniny tao an-kibon'i Maria. Avy eo dia nanao marika iray Izy, na fanambarana iray; tany ivelan'ireo vavahadin'i Jerosalema, nasandratra teo anelanelan'ny lanitra sy ny tany Izy, ary maty, ka nanavotra ny zavatra rehetra. Ary tamin'ny filatsahan'ny rà, dia nanamasina Fiangonana iray Izy mba Hahafahany Izy tenany hipetraka ao, sy hiombona ary hiray, ilay toeram-piombonana very hatrany amin'ny sahan'i Edena izay nidinan'Andriamanitra isan-kariva, fotoan'ny fiangonana.

Efa voamarikareo ve? Nidina tao amin'ny hatsiatsiaky ny andro Andriamanitra, ilay filentehan'ny masoandro. Misy zavatra iray mikasika ny hoe rehefa manomboka ho alina ny andro, mieritreritra ny amin'ny fiangonana sy ny amin'Andriamanitra ny olona; ireo Kristiana. Mahita ny masoandro milentika ianareo, dia mahalala fa milentika ny masoandronareo.

30 Ary tao amin'ny hatsiatsiaky ny hariva no nidina Izy ka niray tamin'izy ireo. Ary teo no Nahaverezany an'io fiombonana io, satria tsy namela Azy hanao an'izany ny fahotana.

Ary tamin'izay fotoana izay dia tonga nofo Izy ka nonina teo anivontsika, mba Hahafahany hiverina indray amin'ny olona, sy hiaina ao anatin'ny olona, ary hamerina ny olona ho amin'ny toeram-piraisana iray miaraka Aminy indray, ka hamerina aminy ny zòny nomen'Andriamanitra. Izany no Nataony.

31 Izany no tanjon'ny Fanahy Masina. Izany no Ray, indray, Andriamanitra ilay Ray monina ao anatinareo, manatanteraka an'ireo Drafiny, mba hamarana ny Drafi-panavotany; miasa amin'ny alàlanareo, manao anareo ho mpiara-miasa Aminy; manome anareo toerana iray, manome anareo anjara iray nohon'ny fahalavoanareo, rahalahy sy anabavy very; manome anareo Ny Fanahiny sy ny Fitiavany, mba handeha hitady an'ilay very, araka ny Nataony tao amin'ny sahan'i Edena.

"Ry Adama, ry Adama, aiza ianao?" Izany no ataon'ny Fanahy Masina amin'ny lehilahy iray na vehivavy iray. Rehefa miditra ao anatin'ny fon'izy ireo Izany ka maka ny Fonenany, dia misy hetaheta iray sy hanoanana iray ho an'ireo fanahy very ao.

Izany no olana amin'ireo fivoriana amin'izao andro izao. Tsy misy fikasihan'ny Fanahy ampy ao anatiny, mba handeha hitady an'ireo fanahin'ny very sy ny eo am-pahafatesana. Ilay izy dia fanaovana anarana iray kokoa, na fiangonana iray, na tranobe iray, na anaram-piangonana iray, raha tokony ho fandaharana fahazoana fanahy iray. Mampalahelo toy ny ahoana! Afaka mijanona betsaka eo amin'izany isika.

Nandrotsaka ny Tenany tao amin'i Kristy Andriamanitra. Marina.

32 Nandrotsaka ny Tenany tao amin'ny Fiangonana Kristy. Noho izany, ankehitriny diniho, "Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ary ianareo ato Amiko, ary Izaho ao aminareo. Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo izany." Satria, izany dia, ilay zavatra manontolo dia drafi-panavotana anankiray izay midina, hoe miverina Andriamanitra mba hiaina ao, sy hiara-hitoetra, ary hiray amin'ny Olony, tahaka ny Nataony tany amin'ny voalohany.

Ankehitriny, amin'izay fotoana izay, vantany vao mitondra Ny Fiangonany ao amin'ny toerana hitenenana Izy, mitondra Ny Fiangonany eo amin'ny toerana iray izay Ahafahany mampitosaka ny Tenany amin'ny alàlany, sy hitia, sy handresy lahatra, ary hiombona, amin'izay fotoana izay dia ho tonga ny Edena iray. Hitondra Ny Fiangonany Izy hiverina eo amin'izay nisy Azy—Azy nandao Azy, hiverina eo amin'ny Edena iray indray, teo amin'izay nahalavo Azy. Izany, ankehitriny . . . Teo no Nanaovany ny Fanombohany voalohany, na fahalavoany. Eo no hamerenana Azy avy hatrany, miaraka amin'ny solaitra madio rehetra an'ny fanavotana, mitondra azy ireo miverina avy hatrany indray eo amin'io toerana io.

33 Efa tany amin'izao tontolo izao ny Fiangonana nandritry ny fotoana vitsy. Ary ny Fiangonana, raha ny tena marina, taorian'ny fanavaozana, an'ireo dimanjato sy arivon'ny taona maizina . . . Luther no mpanavao voalohany nivoaka taorian'ny fikambanan'ireo apostoly. Ary tamin'izay fotoana izay rehefa nivoaka i Luther, dia nanihilana Fanahy kely bitika iray Andriamanitra ka nandrotsaka an'Izany teo amin'ilay Fiangonana, tao amin'ny fanamarinana. Ary avy eo tamin'ny andron'i Wesley, dia nandrotsaka amboniny kely avy amin'ny Tenany Izy, tao amin'ny fanamasinana. Ary arakaraky ny nitomboan'ilay taona, hatrany amin'ny fotoana farany, no namenoan'Andriamanitra Ny Fiangonany. Mijere manodidina fotsiny dia hahita raha izany no Fahamarinana, na tsia.

34 Jereo tamin'ny taonan'i Loterana, ianareo izay mamaky ny tantara, jereo ireo fifohazan'izy ireo ary inona no nataony. Jereo hoe toy ny ahoana no nampalaza kokoa ny fifohazana Wesley, hery betsaka kokoa toy ny ahoana no azon'izy ireo, saingy tao amin'ny havitsiana. Diniho tamin'ireo andron'ny Pentekosta, fifohazana toy ny inona no nananan'izy ireo tamin'izany, famaohana lehibe iray, goavana be toy ny inona.

35 Betsaka, *Our Sunday Visitor*, ilay gazety Katolika, dia nanao fanambarana fa namokatra fiovam-po dimy hetsy sy iray tapitrisa ny Pentekotista tao anatin'ny taona iray, nahavita mihoatra noho ny sisa amin'ny fiangonana rehetra miaraka. Ny Katolika dia nanova fotsiny ihany, nilaza, iray tapitrisa. Ao amin'ny *Sunday Visitor* azy manokana, ilay gazety antsoina hoe *Sunday Visitor*, dia nanao filazana fa nihoatra azy ireo ny Pentekotista.

Ary, tsarovy, ireo fiovam-po Pentekotista dia fiovam-po feno ny Fanahy Masina. Tao amin'ny havitsiana, mba hanombohana, teo amin'ny sisin'ilay làlankely tany, niaraka tamin'ny—ny gitara tranainy iray. Ary tsy afaka nividy bàn-kiraro akory aza ireo vehivavy. Nipetraka teo amin'ireo lalamby, sy naka katsaka ka nanorotoro an'izany, ary nanao mofo ho an'ireo zanany. Fa lasa inona ilay izy? Fiangonana manana toerana matanjaka indrindra eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao, tsy eo imason'izao tontolo izao, fa eo imason'Andriamanitra, satria Izy no manaporofo an'izany amin'ny alàlan'izay Ataony ho azy ireo. Mandrotsaka ny Tenany ao amin'izy ireo Izy, mandrotsaka an'Izany ao.

36 Mariho ankehitriny izay niseho, Andriamanitra izay mandrotsaka ny Tenany ao amin'izy ireo. Ankehitriny dia tonga eo amin'ny toerana iray ilay Fiangonana, nanomboka tamin'i Luther, Wesley, ary manohy mankao amin'ny Pentekosta ilay fifohazana; ary ankehitriny dia ao amin'ity taona izay ahatongavantsika ankehitriny ity, tamin'ny alàlan'ilay Fanahy Masina iray ihany; betsaka amin'Izany fotsiny. Ankehitriny, rehefa voavonjy ireo Loterana tany aoriana tany ireo, dia nahazo anjara iray an'ny Fanahy Masina izy ireo. Rehefa nohamasinina ireo Metodista, dia izany no asan'ny Fanahy Masina. Hitanareo, ampahany iray an'ny Fanahy Masina izany. "Tsy natao tanteraka izy ireo raha tsy misy antsika," hoy ny Soratra. Hitanareo?

37 Ankehitriny, Andriamanitra, satria nanomboka namiratra ilay Hazavana amin'ny andro farany, dia manantena antsika Izy, zavatra lehibe iray avy amintsika. Satria, "Izay nomena betsaka, no hotakiana betsaka." Noho izany dia hitaky betsaka kokoa amintsika Izy noho izay Notakiany tamin'ireo Loterana na ireo Metodista, satria mandeha ao amin'ny Hazavana iray lehibe kokoa isika, miaraka amin'ny Hery lehibe kokoa, miaraka amin'ny lehibe kokoa . . . ny—ny vavolombelona lehibe kokoa noho izay nananan'izy ireo. Ankehitriny, manana

vavolombelona iray lehibe kokoa ny amin'ny fitsanganana isika. Manana zavatra mafy kokoa isika, azo antoka kokoa noho izay nananan'izy ireo.

38 Fa izany dia tahaka an'izay nolazaiko tamin'ny kolejy Loterana iray fotsiny, vao tsy ela akory izay.

Hoy izy ireo hoe, "Inona no anananay?"

Hoy aho hoe, "Namboly teo amin'ny sahan-katsaka ny lehilahy iray. Nipoitra ilay ravim-bero kely, dia hoy izy hoe, 'Misaotra ny Tompo nohon'ny—ny habetsahan'ny katsaka!' Amin'ny ampahany, dia nanana an'izany izy, saingy nanana azy tao amin'ilay endrika voalohany fotsiny ihany. Afaka kelikely, dia lasa taho iray ilay izy."

Ary nivoaka avy tao amin'izany ny felana iray, dia ireo Metodista.

39 Raha handinika ny natiora ianareo, dia hahita an'Andriamanitra miasa. Misy tsiambaratelo iray mipetraka ao izay miaraka amin'ny asam-panompoako mihitsy aza. Hitanareo? Fa, eo am-pandinihana ny natiora, dia mahita hoe ahoana no ataony, taona inona sy fotoana inona, afaka mahita ianareo hoe aiza no iainanareo. Diniho ilay taona.

40 Ankehitriny, avy eo, dia ireo Metodista, felana izy ireo. Nijery tany aoriana tany amin'ireo Loterana izy ireo, nanao hoe, "Manana ny fanamasinana izahay; ianareo tsy manana na inona na inona ao amin'Izany."

Afaka kelikely, avy tao amin'io vovom-boninkazo io, avy tao amin'ireo Metodista, dia nivoaka ny voan'ny . . . salohin-katsaka iray. Ny Pentekosta izany.

Eo ianareo izao, fanamarinana, dingana iray an'Izany. Fanamasinana, dingana iray hafa an'Izany. Ny Fanahy Masina, dingana iray hafa an'Izany; Pentekosta. Luther, Wesley, Pentekosta.

41 Ankehitriny inona no ataon'ny Pentekosta? Mampitovy azy aho, satria, tao amin'ny Pentekosta, izany dia namerina, tsy ravina maitso iray, tsy felana iray, fa . . .

Ilay katsaka dia tsy afaka hilaza amin'ny felana hoe, "Tsy misy ilako anao." Na, ilay felana dia tsy afaka hilaza amin'ny—ny ravina hoe, "Tsy misy ilako anao," satria ilay aina iray ihany izay tao amin'ny ravina no nanao an'ilay felana. Ilay aina iray ihany izay tao amin'ilay felana no nanao ny salohy.

Ary ny fiangonana Loterana no nanao an'ilay fiangonana Wesley. Ny fiangonana Wesley no nanao ny Pentekosta.

Fa, ny Pentekosta, inona izy? Izany no famerenana an'ilay karazana voa iray ihany izay nidina tao amin'ny tany hatrany amin'ny voalohany, mamerina ny fahafenoan'ny Herin'ny Pentekosta rehetra, amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy

Masina, hitanareo, amin'ny andro farany. Oh, izany dia zavatra lehibe iray, ho jerena, hinoana sy ho jerena.

42 Ankehitriny ao amin'ity taona izay iainantsika ankehitriny ity, ity taona ity, dia any ankoatran'ny Pentekosta izany.

Ny Pentekosta dia nametraka ny tenany tao anatin'ireo rafi-pandaminana, ary nanomboka nitovy betsaka tamin'ireo rafi-pandaminana, "Izahay dia *ity* ary izahay dia *itsy*." Ny natiora fotsiny izany. Tsy afaka manao na inona na inona fotsiny ianareo. Ny natiora izany. Hanao an'izany izy ireo. Izany ilay drafitra, hanaovan'izy ireo azy.

Fa nanohy nandroso ilay Fiangonana. Niditra tao amin'ny lehibe kokoa, mahery hatrany Izy. Izany no famerenana an'ireo fanomezam-pahasoavana.

Ary olona Pentekotista maro no tsy mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, ny asam-panompoan'ireo Anjely, ary ireo herin'Andriamanitra. Pentekotista maro no miantso an'ireo fahitana izay hitako hoe, "ny devoly." Rafi-pandaminana maro aza no tsy hanao na inona na inona amin'Izany akory, ao amin'ny Pentekosta. Hitanareo, nandeha tany ankoatran'izany isika. Tahaka ny niantsoan'ireo Metodista ny Pentekotista mihitsy hoe, "adala," nohon'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Tahaka ny niantsoan'ny Loterana an'ireo Metodista mihitsy hoe, "adala," nohon'ny fikiakiahana. Hitanareo?

Fa izany rehetra izany dia ny fahatongavan'ny Fanahy Masina, hany ka tena feno ilay Fiangonana lehibe, ary feno hipoka, haleloia, [Mandondòna indroa eo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] an'ireo hery lehibe an'Andriamanitra Tsitoha. Hany ka, tonga eo amin'ny toerana iray izany hany ka ireo tena asa izay nataon'i Jesosy mihitsy no maneho ny tenany ao amin'ilay Fiangonana ankehitriny. Akaiky isika, ry sakaiza.

43 Mamelà ahy hijanona eto, iray minitra fotsiny, mba hahita hoe ho an'ny inona no nametrahan'Andriamanitra ny Fanahy Masina ao amin'ny Fiangonana, hanome anareo tandindona hafa iray mba hahafantaranareo. Tao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa ny—ny zanaka iray . . .

Nanorina tokan-trano iray ny lehilahy anankiray. Maka ny vadiny izy, izany no zavatra voalohany.

Avy eo dia lasa lehilahy malaza iray izy, tahaka ny rafi-pandaminana iray. Tsara izany.

Ny zavatra mitranga manaraka, dia misy fahaterahana iray ao amin'io tokan-trano io. Izany dia rehefa ny Fanahy Masina, hitanareo, miditra ny fanahy hafa iray, dia zanakalahy iray. Io zanakalahy io, tsy ao amin'ny andraikitra feno izy, tsy mpandova iray koa raha tsy tonga eo amin'ny taona anankiray izy. Ary tsy maintsy nozahan-toetra izy, aloha. Eny.

Ary tamin'izany fotoana izany dia nanana ny lalàn'ny fananganan'anaka izy ireo. Ho anareo mpitoriteny, "ny fametrahana zanakalahy iray," no resahako ankehitriny, hitanareo, dia rehefa tonga eo amin'ny toerana iray izay nahavoatsangana azy izy. Nanome kisarisary mahafinaritra iray an'izany Jesosy, teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy.

44 Araka ny nolazaiko, Andriamanitra dia tsy handeha any ivelan'ireo Lalàny mihitsy mba hanao zavatra.

Raha manana fantsakana mamoaka rano iray ianareo eo amin'*ity* havoana ity, izay mampifantsitsitra rano eny amin'ny habakabaka rehetra. Ary eto amin'ity havoana hafa *eto* ity, dia manana vokatra mirehitra ianareo. Afaka mitsangana eo amin'ity havoana ity ianareo ka hiantsoantso hoe, "Oh, ry rano, mandehana eto ka fenoy ny vokatro! Oh, ry rano, mankanesa eny amin'ny vokatro!" Tsy hanao an'izany mihitsy izy. Fa raha hiasa arak'ireo lalàn'ny fifampisintonana ianareo, dia afaka manondraka an'io vokatra io.

45 Manana lehilahy marary iray mandry eto ianareo, na mpanota iray mandry eto, na lehilahy iray izay te-hahitsy, tsy afaka amin'ny fisotroana, tsy afaka amin'ny fifohana, tsy afaka amin'ny filàna sy ny sisa. Raha hiasa fotsiny arak'ireo lalàn'Andriamanitra ianareo, hamela ny Fanahy Masina hiditra eo, amin'izay fotoana izay dia tsy an'ny tenany manokana intsony izy. Izy, hajanony io zavatra io, satria ny Fanahy Masina no manapaka azy. Fa tsy maintsy miasa arak'ireo lalàn'Andriamanitra ianareo, ireo fitsipik'Andriamanitra.

46 Ankehitriny, ao amin'ny Testamenta Taloha, rehefa teraka io zazakely io, dia dinihan'izy ireo izy, mba hahitana hoe ahoana no nitondrany tena, fitondran-tena.

Amin'izay fotoana izay ilay ray, satria lehilahy mpandraharaha malaza iray amin'io fotoana io, angamba tao amin'ny faha-efapolo na faha-dimampolo taonany, dia tsy nanana fotoana hampianarana an'io zazakely io izy, ny tenany, noho izany izy dia naka . . . Tamin'ireo andro ireo dia tsy nanana sekolim-bahoaka tahaka ny ananany ankehitriny izy ireo, noho izany izy ireo dia naka an'izay nantsoiny hoe "mpiantoka," na "mpanabe," mpampianatra an-tsekoly. Ary io mpampianatra an-tsekoly io no tsara indrindra izay nety hitany, mba ho tena marina izy ka hiteny amin'ilay ray ny fahamarinana mikasika azy.

47 Ary avy eo rehefa tonga eo amin'ny taona anankiray io zazalahy io, atao hoe, matotra izy. Raha jiolahimboto iray io zazalahy io, tsy tsara, tsy miraharaha ny asan'ny rainy; ny hany noeritreretiny dia ny hisakaiza sy hivoaka miaraka amin'ny vehivavy fotsiny, na—na misotro, na miloka, na hazakazantsoavaly; ho zanakalahy iray foana io zazalahy io, saingy tsy

voapetraka mihitsy ao amin'ny toerana handovàny an'izay rehetra nananan'ny rainy mihitsy izy.

Fa raha zazalahy tsara iray izy, ka misahana ny raharahan'ilay ray, ary nanaporofo ho zanaka tsara izy, amin'izay fotoana izay dia nanao fankalazana iray izy ireo. Nentin'izy ireo nivoaka teny an-dàlambe ilay zazalahy ary nasiany akanjo fotsy iray teny aminy, dia napetrany teo ambonin'ny toerana avo iray mba ahafahan'ny tanàna rehetra hahita. Nanao fety iray sy jobily iray izy ireo, ary ilay ray avy eo no nanao ny fankalazan'ny fananganan'anaka. Nanangana ny zananilahy manokana ho ao amin'ny raharahany manokana izy, ary amin'izay fotoana izay dia mitovy amin'ny rainy ilay zanaka. Amin'ny teny hafa, raha amin'izao andro izao izany, dia ny anaran'ilay zanakalahy eo amin'ny seky dia mety tsara tahaka ny an'ilay dada mihitsy.

48 Diniho ankehitriny izay nataon'Andriamanitra. Rehefa teraka Ny Zananilahy, dia Navelany nandeha nandritry ny telopolo taona Izy, nitsapa Azy, nizaha toetra Azy. Avy eo dia Nomeny fizahan-toetra mafy telo taona Izy. Ary avy eo teo amin'ny fiafaran'ilay fizahan-toetra mafy, rehefa Hitany fa nisahana ny asan'ilay Ray Ny Zananilahy; ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, Bokin'ny Lioka; nitondra an'i Petera Izy, Jakoba, ary Jaona, vavolombelona telo, dia niakatra teny an-tampon'ilay tendrombohitra, ary teo no nanaovan'Andriamanitra an'ireo lalàn'ny fananganan'anaka. Izy . . . Niandrandra izy ireo ka nahita an'i Jesosy, ary ny Akanjony dia namirapiratra fotsy tahaka ny tselatra. Ary rehefa nanarona Azy ny Rahona iray, dia nisy Feo iray nivoaka avy tao amin'ilay Rahona, ka nanao hoe, "Ity no Zanako Malalako; henoy Izy. Hipetraka Aho ankehitriny ary tsy hiteny intsony. Izay Lazainy dia lalàna sy Fahamarinana."

49 Ankehitriny dia nandalo teo amin'ireo sekoly ireo ny fiangonana. Nanambady izy tany aoriana tany, efa ela izay, ary lasa anaram-piangonana iray, rafi-pandaminana iray. Fa, voamarikareo, namokatra zavatra hafa ilay Fahaterahana. Ary ankehitriny dia tonga eo amin'ny toerana iray izy izay misy ny fiangonana Pentekotista, miaraka amin'ny Fahaterahana vaovao, efa notsapaina sy voazaha toetra, ary ankehitriny izy dia tonga eo amin'ny toerana iray . . . Tsy mifanaraka amin'ny Fiangonana amin'ny maha-rafi-pandaminana iray fotsiny Andriamanitra. Tsy mifanaraka amin'ny Fiangonana amin'ny—ny maha-vondron'olona iray Izy.

Mifanaraka amin'ny Fiangonana amin'ny maha-isam-batan'olona Izy, ny isam-batan'olona tsirairay ao amin'ilay Fiangonana. Ary ankehitriny izany dia tonga eo amin'ny fotoana iray . . . Ary tsy tsiambaratelo izany; mahita an'izany isika rehetra. Rehefa manaporofo ny olona iray, dia tia azy Andriamanitra, Entiny any ho any ho an'ny Tenany izy. Any Izy

no manao zavatra ho azy eo anatrehan'ireo Anjely. Any ambony any no Ampakarany azy ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, sy hanomezany azy fanomezam-pahasoavana, sy amenoany azy, ary andefasany azy. Izany ilay taona izay iainantsika.

50 Ilay Fanahy Masina iray ihany izay namonjy an'ireo Loterana; izay nanamasina an'ireo Metodista; izay nanao batisa an'ireo Pentekotista; no manomana ny Fihavian'ny Tompo Jesosy ankehitriny. Fa, ho tena mahery izany, io Vatana io, ho tonga ao amin'io Vondrona io, Fiangonana iray, ka hisintona ny sisa amin'izy ireo avy ao am-pasana. Hisy ny fitsanganana iray. Ho an'izany ny Fanahy Masina. Inona ny Fanahy Masina? "Tsy natao tanteraka izy ireo raha tsy misy antsika." Niaina tao amin'ny andro iray izy ireo, teo ambanin'izany. Isika miaina ao anatin'ny andro hafa iray.

"Rehefa tonga tahaka ny safo-drano ny fahavalo, dia Izaho no...hanangana faneva iray hanohitra an'izany ny Fanahin'Andriamanitra." Hitanareo? Isika dia ao amin'ny andro iray ankehitriny...

51 Tany aoriana tany, dia tsy antsasaky ny mahay tahaka ny amin'izao andro izao izy ireo. Tsy afaka nanamboatra baomba atomika iray na fiara iray izy ireo. Tsy nanana ny siansa sy ny sisa tahaka ny ananantsika ankehitriny izy ireo, saingy, sy ireo zavatra avy amin'ireo zavatra mahagaga; mba hiezahana hilaza fa ny olona dia niara-nivoaka, avy tamin'ny vovoka iray sy ny sisa, ka naka fitiliana iray ary miezaka ny hanaporofo an'izany, mba hanao olona tsi-mahatoky.

Fa ankehitriny, rehefa mila an'Izany isika, dia manangana faneva iray ny Fanahin'Andriamanitra. Inona izany? Mandrotsaka Ny Fanahiny Izy. Amin'izay fotoana izay, ireo izay mitsahatra ao anatin'ny fasana any, na eo ambanin'ny alitaran'Andriamanitra, araka ny lazain'ny Soratra, dia miantsoantso hoe, "Mandra-pahoviana, Tompo? Mandra-pahoviana? Hatramin'ny oviana?" Miandry ahy sy ianareo Andriamanitra. Miandry ahy sy ianareo ny Fiangonana. Fotoan'ny fananganan'anaka, rehefa afaka mandatsaka ny Fahafenoany ao amintsika Andriamanitra, Ny Heriny, ny Fitsanganany, izany dia rehefa lasa tena mifanakaiky miaraka ny Fiangonana sy Kristy hany ka lasa hita maso eo anivontsika Kristy, sy manangana ny maty, dia handeha ho ao amin'ny Fampakarana isika.

52 Ankehitriny isika dia hilaza, haneho afaka kelikely, fa ireo izay feno ny Fanahy Masina ihany no mandeha ao amin'io Fampakarana io. "Fa ny sisa tamin'ny maty dia tsy mbola velona nandritry ny vanim-potoana arivo taona." Marina izany. Ireo olona izay feno ny Fanahy Masina ihany no hany nandeha tao amin'ny Fampakarana. Ankehitriny, Andriamanitra dia nanome ny Fanahy Masina...

53 Manana Soratra iray hafa aho eto, ao amin'ny Jaona 14:12. Soratra tena mahazatra ny olona rehetra ato amin'ity tabernakla ity izany.

> *Marina tokoa, marina tokoa, lazaiko aminareo, Izay mino ahy . . .*

Ankehitriny, aza avela hampijanona kely anareo io teny "mino" io. Ao amin'ny fiangonana ara-anarana iray, dia manao hoe, "Eny, mino aho. Azo antoka, mino aho fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra." Ny devoly dia mino an'ilay zavatra iray ihany. Marina tokoa izany. Ny Baiboly no milaza fa mino izy.

Fa ny Soratra dia milaza, ao amin'ny Jaona, hoe, "Tsy misy olona afaka miantso an'i Jesosy ho Kristy, raha tsy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany." Ianareo dia, izany tokoa, amin'ny alàlan'ny Soratra . . . Mamelà ahy hijanona eto iray minitra fotsiny, alohan'ny hamitako ny famakiana. Tsy niova fo ianareo raha tsy nandray ny Fanahy Masina. Marina izany.

54 Ianareo dia mino "ho." Niteny taminareo ny Fanahy Masina, ary nanaiky Azy am-pahibemaso ianareo. Manana an'ilay zavatra iray ihany ny devoly. "Mino Azy ho Zanak'Andriamanitra aho." Toy izany koa ny devoly. Fa manohy mandeha mankany Aminy ianareo.

Fa, Petera dia nantsoina sy nohamarinina, nohon'ny finoany ny Tompo Jesosy Kristy; ary ao amin'ny Jaona 17:17, dia nanamasina azy ireo tamin'ny alàlan'ny Teny Jesosy, satria ny Teny no Fahamarinana. Ary Izy no Teny. Ny faha-1, hoy Jaona hoe, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo, ka nonina teo anivontsika." Izy no Teny, noho izany dia nanamasina azy ireo Izy. Hoy Izy hoe, "Ray," miresaka amin'ilay Fanahy tao Aminy, "manamasina azy ireo amin'ny alàlan'ny Teny Aho," ny Tenany, tamin'ny fametrahana ny Tànany teo amin'izy ireo. "Ny Teninao no Fahamarinana." Miteny Azy fotsiny ihany ho amin'ny fisiana, tao anatin'ny kibon'ny vehivavy iray; oh, tsy mety Aminy tanteraka mihitsy ny ho fomba hafa iray ankoatr'ity Tenin'Andriamanitra ity mba hahatonga Azy ho voaseho. "Manamasina azy ireo Aho."

55 Nomeny hery izy ireo hanohitra an'ireo fanahy maloto. Nivoaka izy ireo. Napetrany tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaran'izy ireo. Ary Nirahiny izy ireo, Jaona . . . Matio 10, ary nanome fahefana azy ireo teo amin'ireo fanahy maloto; nandroaka an'ireo fanahy ratsy, ary nanao an'ireo asa, sy ny sisa. Dia niverina izy ireo, nifaly, nanao hoe, "Manaiky anay na dia ireo devoly aza."

Hoy Izy hoe, "Aza mifaly satria manaiky anareo ireo devoly; fa mifalia satria voasoratra ao amin'ny Boky ny anaranareo." Ary niaraka tamin'izy ireo i Jodasy. Jereo hoe afaka ny tonga akaiky toy ny ahoana izy; mandalo mihitsy eo amin'ny

fanamarinana, manohy avy hatrany ao amin'ny fanamasinana. Saingy taiza no nanehoany ny hazavany? Taiza no nanehoany ny tenany? Talohan'ny Pentekosta, dia naneho ny lokony izy.

56 Diniho, ho mpivavaka mihitsy sy ho masina kely iray mihitsy arak'izay maha-izy azy io fanahy io, mandra-pahatongany eo amin'ny Fanahy Masina, ary ho esorin'izy ireo eo mihitsy Izany. Izany io fanahy io (tsy afaka mahita azy ve ianareo?) izay mitsangana, ilay antikristy. Ary hoy Jesosy hoe, "Tena hiaraka hifanakaiky izy ireo, amin'ny andro farany, hamitaka an'ilay tena Voafidy izany raha azo atao." Fa, tsarovy, ilay Voafidy ihany no hahita an'izany.

Andriamanitra dia miantso amin'ny alàlan'ny fifidianana. Ianareo, tsy faly ve ianareo fa isan'izy ireo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy faly ve ianareo, olona eto izao hariva izao, mahafantatra fa misy zavatra misintona ao am-ponareo hoe, "Mila an'io Fanahy Masina io aho. Mila Anao aho, Tompo, ao am-poko"? Izany dia satria Andriamanitra no nametraka ny anaranareo eo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Izy no nilaza an'izany.

"Tsy misy olona mahay manatona Ahy," hoy Jesosy, "raha tsy Ny Raiko no nitaona azy aloha. Ary izay rehetra manatona Ahy, dia Izaho no hanome azy ireo Fiainana Mandrakizay." Inona ny Fiainana Mandrakizay? Ny Fanahy Masina. "Fiainana Mandrakizay," raiso io teny io dia tadiavo ao amin'ny teny Grika izany, fa izao no voalaza hoe, *Zoe*. Zoe dia ny Fanahy Masina. "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy. Ary izay rehetra manatona Ahy, dia Izaho no hanome azy ny Fanahy Masina, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany. Izaho no hanao an'izany," hoy Izy. Tsy misy hoe raha-sy-ary mikasika an'Izany. "Izaho no hanao. Izay rehetra manatona; ary Izaho no manome Fiainana Mandrakizay." Tsy maintsy hitsangana izy, satria manana Fiainana Mandrakizay. Tsy maintsy manatona izy. Tsy mety maty intsony tahaka an'Andriamanitra tsy mety maty.

57 Oh, ry sakaiza malalako avy amin'ny manodidina an'ity firenena ity sy ato amin'ity tanàna kely ity, raha afaka fotsiny mantsy aho, miaraka amin'ny feon'olombeloko, nametraka ao am-ponareo ny maha-zava-dehibe ny fahazoana ny batisan'ny Fanahy Masina, dia ho fanambarana mahafinaritra indrindra izay hany nanananareo teo amin'ny fiainanareo izany. Ny mahita hoe inona . . . Tsy maintsy ataonareo izany.

Mamelà ahy hanao an'izany hazava, mikasika ny hoe, "Tsy niova fo ianareo."

58 Voavonjy i Petera. Nino ny Tompo izy, nanaraka Azy. Niteny taminy i Jesosy hoe iza izy, nanao azy hanaraka Azy. Nomeny fahefana hanohitra an'ireo fanahy maloto izy

ary nanamasina azy. Fa taorian'izany rehetra izany, dia lasa lehiben'ny mpitondra tenin'ilay vondrona izy; araka ny hitiavan'ireo Katolika iantsoana azy hoe, "ilay evekan'ny fiangonana, na ilay papa," na inona ilay izy, ilay lehilahy lohan'ny fiangonana; kanefa Jesosy dia nilaza, ny alin'ny namadihany hoe, "Tia Ahy ve ianao, ry Petera?"

Dia hoy izy hoe, "Tompo, Fantatrao fa tia Anao aho."

Hoy Izy, "Fahano ny Ondriko." Nilaza an'izany intelo Izy.

Dia hoy i Petera hoe, "Fantatrao fa tia Anao aho, hany ka handeha hiaraka Aminao aho hatramin'ny—ny farany, ary handeha hiaraka Aminao aho hatramin'ny fahafatesana," sy ny sisa.

59 Hoy Izy, "Alohan'ny nanenoan'ny akoholahy intelo, ianao dia . . . alohan'ny anenoan'ny akoholahy, dia handà Ahy intelo ianao." Hoy Izy hoe, "Fa, ry Petera, efa nivavaka ho anao Aho." Henoy. Tsy izay ihany ilay izy. "Efa nivavaka ho anao Aho. Ka rehefa avy miova fo ianao, amin'izay fotoana izay dia ampaherezo ny rahalahinao."

"Rehefa avy miova fo ianao." Nihiakiaka izy. Mety nandihy tao amin'ny Fanahy angamba izy. Izy, efa nanao an'ireo karazanjavatra rehetra izy, saingy mbola tsy nandray ny Fanahy Masina. "Rehefa avy miova fo ianao, amin'izay fotoana izay dia ampaherezo ny rahalahinao," marina izany, "tanteraho ny Drafiny."

60 Ankehitriny mamelà ahy hamarana ny famakiana ny Jaona 14:12. Ankehitriny ny toko faha-14 ary ny andininy faha-12, hoy Jesosy hoe, "Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, izay mino . . ." Ary ianareo tsy afaka mino . . . "Minoa Ahy." Afaka mino *ho* ao Aminy ianareo. Firy no mahazo an'izany, manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

61 Tsarovinareo, ao amin'ny Asa 19. Halako ny mijanona eto amin'ity, saingy tsy maintsy milaza an'ilay izy aho satria tonga amiko izany. Ao amin'ny Asa ny toko faha-19, rehefa ity mpitory teny Batista ity, izany dia—dia olon'ny lalàna iray ary niova fo, ka nitory teny izy ary nanao ny olona ho voavonjy. Ary nanana fifaliana lehibe izy ireo, nifaly sy nihiakiaka fotsiny, nanana fivoriana iray. Asa 18, Akoila sy Prisila, nanondro an'izany isika omaly hariva, ary nandeha nijery azy izy ireo. Koa fantatr'izy ireo fa lehilahy malaza iray izy, ary mpianatra iray. Dia noporofony tamin'ny alàlan'ny Baiboly fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra, nahafantatra fotsiny ny batisan'i Jaona. Tsy mbola nahafantatra ny batisan'ny Fanahy Masina izy. Noho izany dia nilaza izy . . .

Akoila sy Prisila, ilay vady lahy sy vady vavy, mpanao tranolay kely; fa, i Paoly dia mpanao tranolay, ihany koa. Ary nandray ny Fanahy Masina teo ambanin'ny fampianaran'i Paoly

izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Manana rahalahy kely iray isika izay tonga eto. Aoka izy hiresaka amintsika kely fotsiny ny mikasika an'izany."

Ary rehefa tonga i Paoly ka nandre azy nitory teny, nahafantatra fa lehilahy malaza iray izy, dia hoy izy hoe, "Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina fony vao nino ianareo?"

Hoy izy ireo hoe, "Tsy fantatray fa misy . . . raha misy ny Fanahy Masina."

Hoy izy hoe, "Noho izany dia ho amin'ny inona," na ny tena teny Grika eo dia hoe, "ahoana no nanaovana batisa anareo?"

Hoy izy ireo, "Efa nataon'i Jaona Mpanao-batisa batisa izahay."

62 Ankehitriny diniho izay nolazain'i Paoly. Nilaza i Paoly, hoe, "Jaona dia nanao batisa marina tokoa ho amin'ny fibebahana; tsy ho an'ny famelàna ny fahotana, fa ho amin'ny fibebahana, nilaza, fa izany no ninoanareo."

Rehefa manaiky an'i Kristy ho Mpamonjinareo manokana ianareo, dia mino *ho* amin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Tsy izany no batisan'ny Fanahy Masina, ry rahalahy Batista malalako. Diso izany.

Rahalahy iray no nilaza tamiko indray andro, nanao hoe, "Rahalahy Branham," na fotoana vitsy lasa, na volana maro lasa, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, Abrahama dia nino an'Andriamanitra, ary nisaina ho fahamarinany izany."

Hoy aho hoe, "Marina tokoa."

Hoy izy, "Inona no mbola azon'ny olona iray hatao afa-tsy ny mino?"

63 Hoy aho hoe, "Izay ihany no azon'ny olona iray hatao. Izay ihany no azony hatao amin'izao andro izao, dia ny mino an'Andriamanitra. Saingy nanome azy tombokase iray an'ny famoràna Andriamanitra," izay nandalovantsika omaly hariva, "ho famantarana iray fa nanaiky ny finoany Azy Izy." Ary, amin'izao andro izao, mandra-pahatongan'Andriamanitra . . .

Mino ho ao Aminy ianareo rehefa nanaiky Azy ho Mpamonjinareo manokana. Fa rehefa manome anareo an'ilay tombokasen'ny Fanahy Masina Andriamanitra, dia nanisy tombokase anareo hatrany amin'ny fitodianareo Mandrakizay Izy. Ankehitriny ianareo Batista raiso io, dia hiaraka aminareo aho eo amin'ny fiarovana Mandrakizay. Eny, tompoko. Satria, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo." Ianareo tsy voaisy tombokase tamin'ny finoana ho, fa voaisy tombokase tamin'ny Fanahy Masina. Efesiana 4:30, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo." Izany no manisy tombokase anareo, rehefa nahita

fitia tamin'Andriamanitra ianareo, ary Izy no nanisy tombokase anareo tamin'ny Fanahy Masina.

Tahaka an'izany io, satria hoy ny Baiboly hoe, "Tsy misy olona afaka miantso an'i Jesosy ho Kristy, raha tsy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany."

64 Hoy ianareo hoe, "Mino aho satria ny pasitera no niteny an'izany." Marina ny azy, saingy tsy kaontina ho anareo izany. "Mino aho satria ny Teny no miteny an'izany." Marina izany, saingy tsy ho anareo izany, tsy kaontina ho anareo izany.

Ny fomba tokana izay ahafahanareo milaza fa Jesosy no Kristy, dia rehefa miditra ao anatinareo ny Fanahy Masina ka manambara, sy mijoro vavolombelona amin'ny Tenany hoe, "Izy no Zanak'Andriamanitra." Izany ihany no fomba tokana hahafantaranareo ny fitsanganana, dia rehefa ny Fanahy Masina no manambara. "Rehefa tonga Izy ilay Fanahy Masina, dia Izy no hanambara Ahy, haneho aminareo an'ireo zavatra ho avy; hitondra an'ireo zavatra, izay Nolazaiko, ao amin'ny fahatsiarovanareo." Tsy ho hitanareo any amin'ny sekoly mihitsy izany. Hitanareo? Izy no hitondra an'ireo zavatra ireo ao amin'ny fahatsiarovanareo.

65 Ankehitriny dia te-hamaky lavidavitra kely fotsiny ao amin'ity Soratra ity isika ankehitriny, Masindahy Jaona 14:12.

> *Marina tokoa, marina tokoa, lazaiko aminareo, Izay mino ahy, ireo asa izay ataoko no hataony koa; ary lehibe . . .*

Fa, ny fandikana marina eto dia "betsaka," raha tianareo ny hanamarina an'izany.

> *. . .asa lehibe noho izany no hataony; satria aho mankany* amin'*ny Ray.*

66 Raha nankany amin'ny Ray Izy, dia ho tonga ny Fanahy Masina. Marina ve izany? Hoy ny Soratra hafa iray hoe, "Raha tsy miala Aho, dia tsy ho tonga ny Mpampionona. Fa raha miala Aho, dia ho avy indray Aho ary hiaraka aminareo, ho ao anatinareo mihitsy aza." Hitanareo, izany no Andriamanitra miaraka aminareo. Eo amboninareo, aloha; miaraka aminareo, ao amin'i Kristy; ao anatinareo, ao amin'ny Fanahy Masina. Izany no Andriamanitra ao anatinareo.

67 Ankehitriny, "Ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa," tsy asa hafa iray. Fa Andriamanitra dia te-hitondra ny Fanahy Masina, ao anatinareo, hanohy an'ilay asa iray ihany izay Nataony tao amin'i Kristy.

Tsy dia nilaina loatra ilay asa tamin'ny andron'i Luther. Fiangonan'Andriamanitra izany. Izany tsy . . . Nilaina amboniny kely fotsiny tamin'ny andron'i Wesley.

Satria, "Izao tontolo izao," hoy ny Baiboly, "dia ho lasa miha-malemy, sy miha-mahay, ary ho ratsy fanahy hatrany

foana." Isika dia . . . Izao tontolo izao dia lasa ratsy fanahy hatrany . . . Fantatsika izany. Nahoana, ny olona amin'izao andro izao dia manao zavatra izay, tsy noeritreretinareo tamin'ny zato taona lasa fa hisy olombelona ho lozabe tahak'izao. "Ratsy fanahy hatrany foana, ary ny ratsy fanahy hiha-ratsy fanahy, foana," hoy ny Soratra, "hatrany sy hatrany."

68 Noho izany, dia nihetsika ny Fanahy Masina. Nisy fofon'aina kely an'Izany fotsiny tamin'i Luther; tsioka kelin'Izany tamin'i Wesley; ary tsioka lalindalina kokoa an'Izany tamin'ny Pentekosta; ankehitriny ilay fofon'aina sy ilay Fanahy dia lasa iray ihany. Mikambana miaraka Izy, mamokatra an'ilay tsioka maherin'ny Fanahy Masina iray io ihany tahaka ny Nataony tany aoriana tany, maneho an'ireo asa iray ihany izay Nataony tany aoriana tany, izay voaseho mihitsy amin'izao andro izao, ilay zavatra iray ihany.

69 Diniho izay nolazain'i Jesosy. "Marina tokoa, Lazaiko aminareo marina tokoa, tsy mahay manao na inona na inona ny Zanaka afa-tsy izay Hitany ataon'ny Ray aloha. Izay ataon'ny Ray, dia Asehony ny Zanaka. Ny Ray mitoetra ato Amiko; Izy no manao an'ireo asa." Hitanareo?

70 Mariho ankehitriny, ity misy zavatra hafa anankiray izay tiako ho lazaina eto mihitsy. "Tahaka," hoy Jesosy, "tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy. Tahaka," diniho ankehitriny, "tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy, no Anirahako anareo koa." "Tahaka ny Ray . . . " Ahoana no nanirahan'ny Ray Azy? Ny Ray, izay naniraka Azy, dia nidina avy tany An-danitra ka nitoetra tao Aminy.

Nandeha Izy. Hoy Izy hoe, "Izaho dia manao foana izay mahafaly Ny Raiko." Hitanareo? Nandeha nanao an'ireo zavatra izay nasehon'ny Ray Azy Izy. "Tsy manao na inona na inona Aho afa-tsy izay asehon'Ny Raiko Ahy aloha." Ilay Andriamanitra izay naniraka Azy, dia tao Anatiny. "Ary tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy, ny fomba iray ihany izay nanirahan'ny Ray Ahy, no Anirahako anareo koa." Inona izany? Andriamanitra ao anatinareo, manohy (inona?) an'ireo asa iray ihany, mitovy.

Hoy Jesosy hoe, "Ny . . . izay *mino,* izay manana Ahy ao anatiny, ny Fanahy Masina; izay *mino,* izay efa vavolombelon'ny Fitsanganako, dia mahafantatra fa ao aminy Aho. Izy ao Amiko; raha mitoetra ao Amiko ianareo, mitoetra ao aminareo Ny Teniko."

71 Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Mitoetra ao amin'i Jesosy aho; saingy azoko antoka fa tsy mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra aho." Izany no maneho fa tsy ao Izy.

72 "Mino an'i Jesosy aho; tsy mino ny Fanahy Masina amin'izao andro izao aho, tsy tahaka ny nananan'izy ireo Azy tany aoriana tany." Izany no maneho fa tsy ao Izy.

73 Ny Fanahy Masina dia hanambara ny Teny rehetra izay Lazainy. Tsy mpandainga iray Izy. Tsy matahotra na iza na iza Izy na rafi-pandaminana. Tsy mila miondrika eo anoloan'iza na iza Izy. Miteny Izy, ary avy eo dia mijanona amin'izany Izy.

Raha ilay ambony, sy voaloto, ary nianatra, na araky ny iantsoantsika azy, mpanefoefo, raha tsy te-handray an'Izany izy ireo, "Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama amin'ny alàlan'ireto vato ireto." Haka an'ireo tontakely Izy, sy ireo mpanao toaka sandoka, sy ny zavatra hafa, ka hanangana an'izany. Afaka manao an'izany Andriamanitra, ary Ataony izany. "Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama amin'ny alàlan'ireto vato ireto." Hisy olona iray hanao an'izany, satria Andriamanitra Izy.

74 "Raha mitoetra ao Amiko ianareo, ka Ny Teniko ao aminareo, dia angataho izay tianareo," satria mangataka Ny Teniny ianareo, ary Ny Teniny dia Fiainana. Teneno ilay izy. Raha Andriamanitra no niteny azy, ka manana antoka ianareo fa Izy no niteny azy, dia manambara ny Fanahy Masina fa marina io Teny io, amin'izay fotoana izay, eo ianareo izao, ry rahalahy. Teneno ilay izy; izay ilay izy. "Mitenena amin'io tendrombohitra io hoe, 'Mifindrà.' Aza misalasala ao am-ponareo, fa minoa hoe hiseho izay nolazainareo." [Mitehaka ny tànany miaraka intelo Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy ianareo no miteny, fa ny Ray izay mitoetra ao anatinareo; Izy no manao an'ilay firesahana. Tsy ianareo no miresaka amin'io tendrombohitra io, izany dia ny Ray izay ao anatinareo, no miteny amin'io tendrombohitra io. Tsy maintsy mifindra izy. "Ny lanitra rehetra sy ny tany dia ho levona," hoy Izy, "fa Ny Fanahiko dia tsy ho . . . na Ny Teniko dia tsy ho levona." Izany tokoa, tsy mety levona Izany. Ray!

75 Ankehitriny, "Ireo asa izay Ataoko." Ao amin'Ny Fiangonany Andriamanitra, mba hanohy an'ireo Asany. Izany no antony Nanirahany ny Fanahy Masina. Ankehitriny, Fantany izany. Izy, Fantany fa izany dia tsy ho, tsy ho tahaka an'izany no hahavita an'io, noho izany dia tamin'ny alàlan'ny zavatra hafa, toy izany no tsy maintsy Nanirahany. Naniraka ny Zanaka ny Ray, nametraka an'izay rehetra tao anatin'ilay fan- . . . Zanaka tao anatinareo. Ary ireo asa iray ihany izay Nataony, ireo tena asa iray ihany ankehitriny izay nataon'i Jesosy, no hataonareo koa, ilay Fiangonana.

Tsy ho tianareo ve ny hanao an'ireo asan'Andriamanitra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hoy Jesosy hoe, "Raha te-hanao an'ireo asan'Andriamanitra ianareo, dia minoa Ahy." Ahoana no inoanareo Azy? Tsy afaka manao an'izany ianareo mandra-pahazoanareo ny Fanahy Masina.

76 Satria, tsy misy olona mahay milaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra; milaza an'izay nolazain'olon-kafa ianareo. "Ny Baiboly dia milaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra;

mino ny Baiboly aho." Tena tsara. "Ny Baiboly dia milaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra; mino ny Baiboly aho. Ny pasitera dia milaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra; mino ny pasitera aho. Mama dia milaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra; mino an'i mama aho. Ny sakaizako dia milaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra; mino ny sakaizako aho."

Fa ny fomba tokana izay ahafahako milaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra, dia rehefa miditra ny Fanahy Masina ka manambara ny Tenany, amin'izay fotoana izay dia fantatro fa Izy no Zanak'Andriamanitra. [Mandondòna ny polipitra in-efatra Rahalahy Branham—Mpand.] "Tsy misy olona mahay miantso an'i Jesosy hoe 'Kristy,' raha tsy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany."

77 Hah! Tsy misy olona izay miteny amin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra ka niantso an'i Jesosy hoe voaozona, na milaza fa zavatra iray Izy tamin'izany andro izany ary zavatra hafa iray amin'izao andro izao. Manao Azy ho malemy sy miahotrahotra izany. Tsia, tompoko.

Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ny fanahy marina iray dia hanambara an'izany. Eny àry.

78 Ankehitriny, hoy Izy hoe, "Ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa," Jaona 14:12, ankehitriny, ireo asa iray ihany.

"Oh," hoy izy ireo, "manao asa lehibe kokoa ny fiangonana amin'izao andro izao." Amin'ny fomba inona?

Hoy Izy hoe, "Ireo asa izay Ataoko."

"Izany," hoy izy ireo, "eny, manana misionera izay manerana an'izao tontolo izao izahay, izany no asa iray lehibe kokoa."

79 Fa hoy Izy hoe, "Ireo asa izay Ataoko." Ankehitriny ataovy izy ireo, ataovy izy ireo aloha, avy eo dia miresaha ny amin'ireo misionera.

80 Amin'izao andro izao, niresaka aho teto fotoana vitsy lasa izay mikasika ny Mohametana iray, hoy izy hoe, "Maty i Mohamed."

"Marina izany, ao am-pasana izy, saingy hitsangana izy indray andro any." Hoy izy hoe, "Raha mitsangana avy ao am-pasana izy, dia hahafantatra an'izany ao anatin'ny efatra amby roapolo ora izao tontolo rehetra izao." Hoy izy hoe, "Ianareo olona dia milaza fa efa roa arivo taona izay no nitsanganan'i Jesosy, nefa tsy mbola ny iray am-pahatelon'ny olona akory no mahafantatra an'izany."

Izany dia satria miresaka avy amin'ny fahitana ara-tsaina an'izany ianareo. Miresaka avy amin'ny foto-kevitry ny sekoly iray ianareo na fampianarana.

Raha izao fiangonan'Andriamanitra manontolo, lehibe izao, raha isaina ny Katolika, Protestanta, ny rehetra miaraka, no

nandray ny Fanahy Masina, dia ho nitoetra mafy ao anatin'ny Kristianisma ity izao tontolo izao ity; tsy ho nisy izany karazana kominisma izany; tsy ho nisy izany karazana fifandirana izany, na fifandrafiana, na faharatsiam-panahy, na fankahalana. Ho nipetraka teo amin'Ny Seza fiandrianany Jesosy, ary ho nandeha tao amin'ireo paradisan'Andriamanitra isika, miaraka amin'ny Fiainana Mandrakizay, velona mandrakizay; efa nitsangana tao anatin'ny vatana vaovao, mitsangatsangana, tsy ho antitra intsony, tsy ho fotsy volo intsony, tsy ho marary intsony, tsy ho noana intsony; mandeha ao amin'ny fifalian'ny Tompo, miresaka amin'ny biby. Ary, oh, andro iray toy ny inona! Saingy nanao ny zavatra hafa rehetra isika afa-tsy izay Izy . . .

81 Hoy Izy hoe, "Mandehana ianareo mankany amin'izao tontolo rehetra izao ka torio ny Filazantsara." Inona no ataon'ny Filazantsara? "Tsy Teny fotsiny ihany, fa amin'ny alàlan'ny Hery sy fanehoana ny Fanahy Masina." Manao ny Tenin'Andriamanitra hiseho, izany no Filazantsara.

82 Tsy afaka manao an'izany ianareo. Ankehitriny, fantatr'i Jesosy izany, hoe tsy maintsy ho velona ao amin'Ny Fiangonany Izy.

Noho izany, dia Fantany fa hanana an'ireo sekoly aratsaina isika. Ary tsy hahazo an'Ity ao anatin'ny sekoly aratsaina iray mihitsy ianareo. Hanohitra an'Izany izy ireo. Satria, ny hany fantatr'izy ireo dia fampianaran'ny lehilahy mahay iray, fanekem-pinoana iray na anaram-piangonana izay tian'izy ireo mba—mba hiainana. Noho izany izy ireo dia—hametraka anareo ao anatin'izany izy ireo ka hanao anareo ho mambra iray an'io vatana io, ary, rahalahy, hanonona an'ireo zavatra sasany aminareo avy ao amin'ny fanekem-pinoana iray izay toy ny hoe tena tanteraka mihitsy. "Ilay fiangonana masina lehibe, ilay reny, nahatanty kapoka maro izy, nahatanty fanafihana maro." Toy izany koa ny devoly; voaroaka hatraiza hatraiza izy, saiky, nefa mbola manohy hatrany foana. Eny, tompoko. Oh, hiezaka hanonona an'ireo izy.

83 Noho izany dia fantatr'i Jesosy fa hisy ny hetsika aratsaina malaza iray tahaka ny nisy tamin'ny Androny, ao amin'ny fanasana vilany sy vilia, sy fanaovana akanjo, ary vozon'akanjo mivadika, sy ny zavatra rehetra araka ny ataon'izy ireo, ireo zavatra samihafa izay hataon'izy ireo. Fantany fa hanao an'izany izy ireo, noho izany dia hoy Izy hoe, "Andraso iray minitra fotsiny ankehitriny. Tsy hamela anareo ho kamboty Aho, hiverina indray Aho hiaraka aminareo. Noho izany," hoy Izy, "ireo asa izay Ataoko, no hataonareo koa."

84 Ny tanjona nandefasana ny Fanahy Masina dia ny hanohizan'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny andian'olona iray, haneho tsy an-kitsahatra an'Andriamanitra amin'izao tontolo izao. Marina tokoa izany. Tsy amin'ny alàlan'ny fanekem-

pinoana iray, tsy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana iray; fa amin'ny alàlan'ny Herin'ny Fitsanganany, amin'ny fanaovana Ny Teniny ho tena misy; amin'ny fandraisana ny Fampanantenany, ka mitsangana eo amin'ilay ilan'ny havitsiana, sady mino an'Andriamanitra; ary mandinika an'ireo lanitra mainty mihataka, sy ny Herin'Andriamanitra miditra ka manapaka. Amena. Izany no Ilainy. Ho an'izany no nandefasana ny Fanahy Masina. Ho an'izany tanjona izany no Nandefasany Azy. Fantatsika hoe inona Izy ankehitriny, ary izany no antony Nandefasany Azy.

85 Noho izany, tsy misy rà hafa hanamasina ny olona. Tsy afaka manamasina anareo aho, ary ianareo tsy afaka manamasina ahy, satria samy avy amin'ny fananahana isika. Fa Jesosy dia teraka tsy nisy fananahana, marina izany, noho izany dia Ny Ràny no mpanamasina. Ary nidina Andriamanitra, nanao vatana iray, niaina tao anatiny, nandraraka an'io Rà io ho fanamasinana azy, izay namoaka tanteraka ny fanamelohan'ny fahotana sy ny henatra. Amin'izay fotoana izay, amin'ny alàlan'ny finoana, mino an'Izany, dia midina avy hatrany ao amin'io vatan'olombelona io Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fanamasinan'io Rà io, manao azy ho Taranak'i Abrahama, amin'ny finoana.

86 Mba hinoana fa ho tonga io Rà io, io Rà madio izay ho fahagagana iray tahaka ny ràny io, dia nandeha tany rehefa "tena maty tanteraka izy." Nino an'Andriamanitra nandritry ny dimy amby roapolo taona, izy izay dimy amby fitopolo taona, ary nino mandra-pahatonga azy ho zato taona. Ary Saraha, dimy amby enimpolo, ary nino mandra-pahatonga azy ho sivifolo. "Ary anankiray tena maty tanteraka izy."

Fa hoy Andriamanitra hoe, "Mba hananan'ny olona antoka fa tsy ho diso an'izany, dia ento eto amin'ny havoana izy ka atolory ho fanatitra iray."

87 Hoy izy tamin'ireo mpanompony hoe, "Mitsangàna ianareo eto miaraka amin'ny ramole dia miandrasa. Izaho sy ilay zanaka dia handeha ery ka hivavaka, ary hiverina izaho sy ilay zanaka." Oh, ahoana no hanaovany an'izany?

Hoy Abrahama hoe, "Nahazo azy toy ny iray avy tamin'ny maty aho. Ary fantatro fa Izy izay nanome ahy azy, toy ny iray avy tamin'ny maty, dia afaka manangana azy amin'ny maty raha mitandrina Ny Teniny fotsiny aho. Mitandrina, mitandrina Ny Teniny aho; Izy no afaka hanangana azy amin'ny maty."

88 Miresaka ny amin'i Kristy tanteraka mihitsy! Io Izy. Ary tamin'ny alàlan'io selan-dRà io no nivoaka ny Fanahy Masina, izay nanao ny Tenany ho voafatotra tao anatin'ny vatana iray nantsoina hoe Jesosy. Io Rà io no nanamasina fomba iray, tamin'ny finoana, hiantso an'ilay navotana, na ilay Voafidin'Andriamanitra. Ary rehefa nanaiky an'Izany ianareo,

ka nanaisotra ny faharatsiam-panahy rehetra tao aminareo ny Fanahy Masina, dia miditra avy hatrany Izy, Andriamanitra Izy tenany, mba hiasa ny Sitrapony.

89 Eto ambany eto, dia mitrerotrerona ity mpampiasa ratsy fanahy ity; ary ity *ranona-sy-ranona* antitra hafa eto ity dia manao an'*izao-sy-izao*; ary *ity* zalahy antitra ity dia miresaka mikasika an'Izany, manohitra an'Izany. Ny olona iray feno ny Fanahy Masina dia hijoro hiatrika an'izany mihitsy. Amena.

90 "Ary nahalala izy ireo. Tsy nahay ary tsy nampianarina izy ireo, saingy nahalala fa efa niaraka tamin'i Jesosy izy ireo." Ho an'izany no nahatongavan'ny Fanahy Masina.

91 Tsy nahay nanasonia ny anarany ny mpanjono antitra kely iray. Saingy nijoro teo izy ka nanao hoe, "Iza no hinoantsika, olona sa Andriamanitra?" Amena. [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] "Aoka ho fantatrareo, fa mbola hitory amin'ny Anaran'i Jesosy foana izahay." Oadray, fahasahiana toy ny inona! Fantany fa izy—izy dia nanana Fonenana iray any lavitra any. Marina izany. Mpivahiny sy vahiny iray izy eto. Mitady an'ilay Tanàna ho avy izy.

Inona no dikan'io mpisorona mpihatsaravelatsihy io aminy? Teo ambanin'ny fanapahan'ilay Andriamanitry ny Lanitra izy, izay nanangana Ny Zanany, Kristy Jesosy, ka nameno azy ny Fanahin'ilay Andriamanitra izay nanao ny lanitra sy ny tany. Eo ianareo izao. Tsy natahotra azy izy. Tsia, tompoko. Ny fahafatesana . . .

92 Nahoana, rehefa nitondra an'i Stefana antitra kely izy ireo tany, ka nanao hoe, "Sintòny izany!"

Hoy izy hoe, "Ianareo mafy hatoka, ary tsy voafora fo sy sofina, manohitra foana ny Fanahy Masina ianareo. Tahaka ny nataon'ny razanareo, no ataonareo koa."

Hoy izy ireo hoe, "Hokapohinay ho faty ianao!"

Hoy izy hoe, "Tsy afaka hanao an'izany ianareo raha ianareo . . . ?"

"Hasehonay anao na afaka hanao an'izany izahay na tsia!" Dia nandramby vato goavana izy ireo ary nanomboka namely azy teo amin'ny loha.

93 Niandrandra izy, ka nanao hoe, "Mahita ny Lanitra misokatra aho. Mahita an'ilay tohatra midina aho. Mahita an'i Jesosy mitsangana eo an-tànana ankavanan'Ny Fiandrianany aho." Ary ny Baiboly dia tsy nilaza fa maty izy; natory izy. Oh, oadray! Afaka mahita Anjely iray nidina aho, naka azy ary nandrotsirotsy azy tahaka ny zazakely, reny iray, hany ka lasa natory izy. Oh, oadray! Azo antoka.

94 Izany no tanjon'ny Fanahy Masina. Ho an'izany no nandefasan'Andriamanitra ny Fanahy Masina. Tonga hanome

anareo ny Hery ny Fanahy Masina. Manana Soratra vitsivitsy amboniny aho eto, iray minitra fotsiny. Tonga hanome anareo ny Hery ny Fanahy Masina. Izaho—izaho tsy . . . Afaka mahita an'ity ianareo; lasa lavitra loatra fotsiny aho, izao hariva izao.

Manome anareo ny Hery, Hery ao amin'ny vavaka!

95 Alaivo ny olona iray izay niaina fiainana tsara iray, saingy resy foana izy ireo. "Oh, lazaiko aminao . . . " Olona tsara, "Oh, azo antoka, tiako ny Tompo, Rahalahy Branham." Resy foana, tsy mahazo valim-bavaka iray mihitsy izy ireo.

Fenoy ny Fanahy Masina indray mandeha io vehivavy kely io, dia diniho izay miseho. Rehefa mandeha eo anatrehan'Andriamanitra izy, dia tsy resy. Manatona ampahasahiana ny Seza fiandrianan'Andriamanitra izy, mino. Manana zò izy satria zanakavavin'Andriamanitra iray, tamin'ny Fahaterahana iray.

Alaivo io lehilahy kely io, tena kanosa, mikitakita azy eran'ny toerana rehetra ilay mpampiasa. Hoy izy, "Andraso iray minitra eto ankehitriny." Nisy zavatra niova, hitanareo, nahazo ny Fanahy Masina izy. Manome anareo ny Hery Izany. Feno Hery ny fiainanareo.

Manome anareo ny Hery amin'ny fitenenana Izany.

96 Nahoana, oadray, natahotra ireo olona ireo, nitsangana teo; Petera, Jakoba, Jaona, Lioka, ary ny sisa rehetra tamin'izy ireo. Nandeha niditra tao amin'ny efitra ambony izy ireo, nanao hoe, "Oh, tsy afaka milaza intsony isika. Izy ireo, jereo eo, misy an'i Dokotera *Ranona-sy-ranona* sy izao iry. Misy an'i Raby *Ranona-sy-ranona* sy izao. Fantatrareo, manana diplaoma efatra an'ny kolejy izy; ahoana no mba hahafahantsika hijoro hanohitra azy?" Hoy Petera hoe, "Oh, tsaroako aho nivarotra trondro tamin'io lehilahy io indray andro. Izy, niresaka izy, nefa tsy nahafantatra akory izay noresahany aza aho. Oh, tsy afaka hijoro hanohitra azy mihitsy aho." Fa inona no . . .

"Inona no azontsika hatao, rahalahy?"

"Hoy Izy hoe, 'Miandrasa.'"

"Eny, efa efatra andro isika izay no teto." "Manohiza miandry fotsiny."

"Mandra-pahoviana?"

"Mandra-paha."

"Eny, nilaza ve Izy hoe ho amin'ny andro fahadimy izany?"

"Tsy niteny mihitsy Izy hoe mandra-pahoviana. Hoy Izy hoe, 'Mandra-paha.'"

Eny, nanohy niandry fotsiny izy ireo. Mandra-pahoviana? "Mandra-paha." Lasa ny valo andro. "Mandra-paha." Lasa ny sivy andro. "Mandra-paha."

Fa farany *rehefa* tena *tonga ny andron'ny Pentekosta, izy rehetra dia* tao amin'ny toerana iray, iray saina.

97 Teo ambonin'izy ireo Andriamanitra, tao anatin'ny Rahona iray niredareda; nandeha niaraka tamin'izy ireo Andriamanitra, teto an-tany; ankehitriny dia hisy zavatra hafa iray hiseho. Misy zavatra iray natao hitranga.

. . . *izy rehetra dia* tao amin'ny toerana iray, iray saina.

Ary tampoka dia tonga ny feo iray avy tany an-danitra tahaka . . . ny rivotra mahery nifofofofo, ary izany dia nameno ny efitra *rehetra izay nipetrahan'izy ireo.*

. . . *lela nizarazara . . . nipetraka teo ambonin' . . . izy ireo.*

Inona ny hoe *nizarazara*? "Voatsinjara." Tahaka ny hoe miambakambaka, efa mba nandre olona iray niambakambaka ve ianareo? Mandeha izy ireo, "ah-ah-ah, oh, ah-ah," hitanareo, tsy afaka nilaza na inona na inona izy ireo. "Nizarazara, voatsinjara." Tahaka ny hoe kitro *iray mizarazara*, izany dia midika zavatra iray izay "vakivaky, voatsinjara." Tsy niresaka izy ireo. Tsy nibadabada izy ireo. Tsy nanao na inona na inona afa-tsy ny nanao tabataba iray fotsiny izy ireo.

. . . *lela nizarazara* nipetraka teo ambonin'izy ireo, toy ny afo. (Oh, tsy afaka nihazona ny tenany izy ireo!)

Ary feno ny Fanahy Masina izy rehetra, . . . Fioo!

98 Avy eo dia inona no nitranga? Nandeha nivoaka teny andàlambe izy ireo. "Aiza io Raby Jones io? Aiza no misy an'io olona io? Ary aiza io olom-be manan-tsaina io?"

"Teo ambonintsika Andriamanitra, niaraka tamin'i Mosesy, tao anatin'ilay roimemy nirehitra; namahana antsika tamin'ny mana Izy, avy tany amin'ny Avo. Nandeha niaraka tamintsika Izy nandritry ny telo taona sy enina . . . telo taona sy enim-bolana, teto an-tany teto. Fa ankehitriny dia ato anatiko Izy. Tsy izaho intsony no miteny; Izy izany. Fantatro hoe iza Izy, ary fantatro hoe iza aho. Tsy misy intsony aho; Izy no misy."

Ento miakatra eto izy! *Ianareo lehilahin'ny* Isiraely, *sy* . . . ianareo *izay monina* any Jodia, aoka izao ho *fantatra eo aminareo—fantatra eo aminareo, ka henoy ny* feoko, ianareo mpitory teny sy raby rehetra.

Fioo! Oadray! Herin'ny fitenenana! Oh! "Tsy mamo izy ireo!" Manohana an'ilay havitsiana kely, roapolo amby zato, manohitra iray alina na mihoatra.

. . . *tsy* mamo *izy ireo*, *araka ny hever*inareo, *satria* izao dia vao *ora fahatelon'ny andro.*

Mpitory Filazantsara feno aho. *Fa izao no* ilay *efa* nampilazaina *ny mpaminany* Joela;

. . . *izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, Izaho handatsaka* . . . *ny Fanahiko* (fioo) *amin'ny nofo rehetra: ka ny* . . . *Ianareo* dia nahita an'i Maria nandihy tao amin'ny Fanahy tany, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ary nanao hadalana?. . . *amin'ny nofo rehetra:* . . .

. . . *ary* eo amin'*ireo* mpanompolahiko no *handatsahako* . . . *ny Fanahiko;* . . .

[Mitehaka ny tànany miaraka intelo Rahalahy Branham—Mpand.]

. . . Izaho haneho famantarana eny amin'ny lanitra *ambony, ary* . . . *eto an-tany* ambany; . . . andry *afo, sy* zavon'*ny setroka:*

Tao amin'ny Olony Andriamanitra tamin'izany fotoana izany. Amena.

"Eny, ankehitriny, diplaoma inona no nanananao? Taiza, avy tamin'ny sekoly inona ianao?"

99 "Tsy manao fahasamihafana izany izao ankehitriny izao." Oh, nanomboka nitsofoka tao anatin'ny Soratra izy.

Efa nahita azy mialoha Davida! . . . *ny Tompo teo anatrehako mandrakariva* . . . tsy *mba hangozohozo:*

. . . dia izany no ifalian'*ny foko*, satria . . . *ary ny lelako dia* nampiravoravoana;

. . . izy dia *tsy hahafoy ny fanahiko any amin'ny helo, sady* izy tsy *hamela* ny *Iray Masiny hahita ny fahalòvana.*

. . . *aoka aho mba hiteny malalaka* ho *anareo ny amin'i Davida patriarka,* . . . *izy dia sady maty no nalevina, ary eto amintsika ny fasany* . . . *androany.*

Fa tamin'ny alàlan'ny mpaminany iray . . . hitany mialoha ny fihavian'ilay Iray Marina.

. . . ary aoka ho fantatra eo aminareo, *fa Andriamanitra dia nanao an'*iny *Jesosy iray ihany iny*, izay *nohomboa*nareo tamin'ny tànan'ny ratsy fanahy, *sady Tompo no Kristy.* Amena!

100 "Ry lehilahy sy rahalahy, inona no azonay hatao mba hovonjena?"

. . . hoy izy, *Mibebaha*, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa *amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna* ny fahotanareo, *ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*

*Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'*ireo izay lavitra *be, na iza na iza* hany *hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika.* Amena.

101 Raha mbola manana vahoaka iray foana Andriamanitra, manana Fiangonana iray Andriamanitra, dia manana ny Fanahy Masina mandeha miaraka amin'Izany Andriamanitra. Ho an'izany no nanomezan'Andriamanitra ny Fanahy Masina. Hitsangana ireo manan-tsaina; misy foana. Fa manana havitsiana iray Andriamanitra any ho any. Andriamanitra dia manana Fiangonana kely iray izay handroso avy hatrany miaraka amin'ny batisan'ny Fanahy Masina, mba hitaky an'ilay Hazavana. Ary izy ireo no hany tokana, amin'ny alàlan'ny fanambarany, izay hitsara an'izao tontolo izao.

Tsy milaza ve ny Baiboly fa hoy Jesosy hoe, "Sambatra izay madio am-po; izy ireo no hahita an'Andriamanitra"? Ary tsy milaza ve Izy, hoe, "Ny marina, ireo masina, no hitsara ny tany"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka.

Ny fanambaranareo androany no hitondra fitsarana hanohitra an'ity tanàna ity. Ny fanambarantsika ny batisan'ny Fanahy Masina sy ny Herin'Andriamanitra, fiainana masina iray, no hitondra fitsarana hanohitra an'ity tanàna ity. Rehefa ity . . .

102 "Ireo izay voalohany no ho farany; ireo izay farany no ho voalohany." Tsy hahafantatra na inona na inona mikasika an'i Sankey sy Moody aho, ao amin'ny fitsanganan'izy ireo. Izy ireo tsy hahafantatra na inona na inona mikasika ahy, ao amin'ity anankiray ity. Fa hitsangana ao amin'ity anankiray ity aho, hanome fanambarana; ho toy izany koa ianareo.

Ary amin'ny alàlan'izany, amin'ny fanaparitahana ny Hazavanareo, sy ny batisan'ny Fanahy Masina, ary amin'ireo fiainana izay niainanareo, sy ireo zavatra izay nataon'Andriamanitra mba hanaporofo fa mihetsika eto Izy; ary miaraka amin'ireo manan-tsaina, manalavitra an'Izany; hotsarain'ireo masina izy ireo. Efa voatsara sahady izy ireo. Efa nandalo an'izany izy ireo. Oh, oadray!

103 Niresaka ny amin'ny Herin'ny vavaka aho, Herin'ny fitenenana, Hery ho an'ny fiainana masina iray. Amena. Izany no tsy maintsy hataon'ny Fanahy Masina.

104 Ny sasany aminareo olona izay mandeha eto, manao hoe, "Eny, tsy mety afaka amin'ny fisotroana mihitsy aho. Tsy mety afaka amin'*ity* mihitsy aho."

Tonga hipetraka ao anatinareo ny Fanahy Masina, mba hanao an'ireo "tsy mety" rehetra hiala ao aminareo. Marina izany. Manao ny vehivavy hampijanona ny fanapahana ny volony, manao azy ireo ho afaka amin'ny fanaovana sorta sy pataloha. Tsy misy fialan-tsiny. Manao azy ireo ho afaka amin'ny fifosana. Oh, eny, ho an'izany Izy, hanao anareo ho fiainana masina iray. Hanaraka an'ireo toro-mariky ny Baiboly foana Izy.

105 Hoy ny vehivavy iray hoe, "Mafana loatra mihitsy ny andro; tsy maintsy manao an'ireo fotsiny aho. Manome ahy aretin'andoha raha avelako haniry ny voloko."

Fa tsy misy fialan-tsiny miaraka amin'ny Fanahy Masina. Izy dia eo mba hanao an'ilay izy tahaka an'izany. Izy dia hanaraka ny Teny marina tokoa. Izany no tsy maintsy hataon'ny Fanahy Masina.

Izy no hanao anareo lehilahy hanodina ny lohanareo hiala amin'ireny vehivavy mitanjaka tapany ireny, ary manala ny fitsiriritana azy ireny, nefa mambram-piangonana. Izany no tsy maintsy Hataony.

106 Izy no hanao anareo hijanona tsy hifoka sy hisotro, ary ho . . . te-ho legioma goavana iray. Izy no hanala an'izany aminareo. Izy no hampanetry tena anareo rehefa manao an'izany ianareo. Ho an'izany ny Fanahy Masina. Ho an'ny fiainana masina iray Izy. Marina izany. Manao anareo ho afaka amin'ny fanaratsiana. Manao anareo ho afaka amin'ny filalaovana karatra, fanaovana kodiakely, sy ireo zavatra hafa rehetra izay ataonareo manerana ny zoron-dàlana.

Izy no hanao anareo ho afaka amin'ny fahadalana amin'ny fomba izay ataonareo, miaina tsy marina amin'ny vadinareo. Izany no Hataony. Marina izany. Izy no hanao anareo ho afaka amin'ny fitiavana hanambady vadin'olon-kafa. Tena marina tokoa izany.

Izany Izy. Izy no hanao anareo hiaina amin'ny fiainana masina iray. Ho an'izany no maha-Hery ny Fanahy Masina, "hametraka ny fitiavanareo eo amin'ireo zavatra any Ambony," izay ijoroan'Andriamanitra eo amin'ny . . . ? . . . ny sain'i Kristy ho ao aminareo. Tsy misy azonareo atao mba tsy hijerena an'ireny zavatra ireny; rehefa mijery azy ireny ianareo, dia manodina ny lohanareo. Marina izany. Izy no mampanao anareo.

107 Hoy ianareo hoe, "Tsy mety vitako ilay izy. Oh, tsy mety vitako mihitsy ilay izy." Azo antoka, *ianareo* no tsy mety.

Fa tonga ho an'izany tanjona izany ny Fanahy Masina. Izany no Nataony. Tonga hanala an'izany ao aminareo Izy, ireo fahazaran-dratsy rehetra sy ny sisa izay ataonareo.

Io fifanaratsiana ratsy io, mampisaraka ny tenanareo, manao hoe, "Isaorana Andriamanitra, Metodista aho, tsy misy hidirako amin'ireo holy-rollers ratsy ireo." Tonga hanala an'izany ao aminareo ny Fanahy Masina.

108 "Batista aho. Presbyterana aho. Tsy handeha any amin'io andiana holy-rollers ratsy kely io aho." Tonga hanala an'izany fihenjanana rehetra izany ao aminareo ny Fanahy Masina. Izany no Nataony. Manasa anareo ao amin'ny Rà Izy; mipasoka anareo. Hanao an'izany no Nahatongavany.

Tonga hanitsy anareo Izy. Hoy Izy hoe, "Manao ireo toerana mikitaontaona hahitsy." Hanao an'izany no Nahatongavany; hanitsy an'izany. "Manetry an'ireo toerana avo; manao an'ireo tendrombohitra rehetra ho toy ny hoe mandihy tahaka ny ondrilahy kely izy ireo, ary ny ravina rehetra dia mitehaka ny tànany, ho anareo." [Mitehaka ny tànany miaraka in-efatra Rahalahy Branham—Mpand.] Mihira samihafa ireo vorona. Maneno ireo lakolosim-pifaliana. Tsy misy fialan-tsiny. Hanao an'izany no Nahatongavany. Izany no tanjona nandefasan'Andriamanitra ny Fanahy Masina, mba hanaovanareo an'ireo zavatra ireo, mba hiasanareo . . . handehananareo manaraka Azy.

109 Ankehitriny tsy te-handratra anareo aho, fa niteny taminareo hoe eto aho miaraka amin'ny fahatsoram-po lalina indrindra. Mba hialana tsy hanindrona anareo, dia hihodina matetitetika eo amin'ny laharana iray any ho any aho; ka mijanona miaraka amin'ny Fahamarinana, fa mijanona eo ary manao an'ilay izy amin'ny karazana fomba iray izay tsy hanindrona anareo mafy loatra.

110 Fa te-hiteny zavatra iray aminareo aho. Raha milaza ny Baiboly fa ratsy ho an'ny vehivavy iray ny manapaka ny volony, ary milaza ianareo fa manana ny Fanahy Masina nefa avy eo dia manapaka ny volonareo, dia manontany aho raha manana ianareo. Aza romotra; raha izany ilay izy, dia izany no mbola maneho fa misy marika hafa iray manohitra anareo.

111 Raha milaza ny Baiboly fa ratsy ho an'ny vehivavy ny manao akanjon'ny lehilahy iray, ka manao an'ireo akanjo fitondra miasa ratsy kely ireny ianareo sy pataloha eto amin'ny làlana eto, ianareo vehivavy lehibe! Ataoko fa ny zaza kely iray dia ho tena . . . zavatra, fa milalao miaraka amin'ireo zazalahy sy ny sisa izy ireo. Fa, jereo, rehefa ianareo—rehefa ianareo vehivavy lehibe, dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo, valo ambin'ny folo taona, hatrany amin'ny bebe, eto amin'ny làlana eto! Nefa hoy ny Baiboly hoe, "Fahavetavetana eo imason'Andriamanitra izany," ny vehivavy manao an'ireny zavatra ireny. Nefa dia manao azy ireny ianareo, na ahoana na ahoana, ary milaza ve fa manana ny Fanahy Masina ianareo? Manontany matetika aho. Ny Fanahy Masina dia hanaraka ny Tenin'Andriamanitra ara-bakiteny.

Ary ny mpitory teny iray aorian'ny polipitra, izay tsy manana famindrampo betsaka hitory an'Izany, dia misalasala aho hoe manana Azy izy. Marina tokoa izany! Eny, ho an'izany ny Fanahy Masina.

112 Izy no hanome ny hosotra an'ilay mpitory teny. Izy no hanome fahamasinana an'ilay vondrona. Izy no hametraka ny Fiangonana ao amin'ny lamina. Izy no hitondra ny firaisan'ny Fanahy. Izy no hampiray antsika miaraka amin'ny Hery. Izy

no hampiray antsika miaraka amin'ny fitiavana, fitiavan'ny mpirahalahy.

Tsy ahoako na Metodista ianareo, Batista, Presbyterana, Loterana, na inona ianareo na inona, raha efa nataon'ny Fanahy Masina iray batisa tao amin'ny Vatana iray isika rehetra, ka lasa mambran'ny Vatan'i Jesosy Kristy. Tsy misy . . . tsy misy na inona na inona ankehitriny, tsy misy na inona na inona amin'ny ho avy; hanoanana, mosary; tsy misy na inona na inona afaka manasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ny fitiavan'i Kristy, "fitiavan'Andriamanitra izay tao amin'i Kristy," satria nateraky Ny Fanahiny isika, voasasa tao amin'Ny Ràny. Olom-baovao isika. Hanao an'izany no nahatongavan'Andriamanitra. Ho an'izany ny Fanahy Masina. Eny, tompoko. Izany no antony.

113 Ankehitriny, ry olona, mijere ahy, manatrika. Tànana maro no nitsangana, hoe nanana ny Fanahy Masina ianareo; hitanareo, azo antoka, nisy. Oh, ankehitriny aho dia—handona kely fotsiny aho eto. Raisim-peo izao. Fa hiditra betsaka amin'izany isika rahampitso hariva.

Raha milaza ianareo fa manana Azy, nefa meloka amin'ireo, dia manontany aho hoe inona no mitarika anareo. Tsy hitarika anareo any ivelan'ny Teny mihitsy Andriamanitra. Hihazona anareo hiaraka amin'ny Teny Izy, satria izany no lalàn'Andriamanitra Manokana, an'Ny Fiangonany, ho an'ny Olony, ho an'ny vehivavy, sy ho an'ny lehilahy.

114 "Eny," hoy ianareo, "tsy mampaninona ahy ny manao an'*ity* na *itsy*." Tsy mampaninona ve izany? Ny Teny no milaza fa mampaninona izany.

Ary raha ao anatinareo ny Fanahy Masina, dia Izy no hitarika anareo ho eo amin'ny Teny. Tsy hisy fialan-tsiny. Tsy manao fanovàna na fialan-tsiny Andriamanitra. Izy no mametraka an'ilay marika ary ianareo milahatra amin'izany. Izay ihany. Izany ilay izy ho an'ny olona rehetra. Tonga amin'ilay fomba iray ihany ianareo.

115 Hoy Petera hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo; aoka hatao batisa, ny tsirairay avy aminareo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny fahotanareo, avy eo dia handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina ianareo." Hitanareo? Izay ilay izy. Tsy maintsy milahatra amin'izany laharana izany isika.

116 Ankehitriny tsy minia mandratra anareo aho; tiako loatra ianareo. Saingy, rahalahy, ranabavy, fantatrareo ve, miaraka . . . fa fantatro hoe tsy maintsy hitsangana aho amin'ny andro farany ao amin'io fitsanganana io, miaraka amin'ity taranak'olona ity, ka hanao tatitra ho an'ity Teny ity? Ary ny Fanahy Masina no maneho an'izao, ary izaho mitory Azy any ivelany any, aiza ianareo no hitsangana? Ahoana no hialanareo amin'izany? Tsy vitanareo izany, ry sakaiza. Aza manao. Ankehitriny ajanòny

izany. Na inona na inona ataonareo ka ratsy, dia ajanòny ilay izy.

Hoy ianareo hoe, "Tsy afaka aho."

Noho izany dia tsy mbola manana an'ilay Mpanao-afaka ao anatinareo ianareo. Rehefa tonga ny Fanahy Masina, dia Izy no manome anareo Hery eo amin'izao tontolo izao. Ary raha ianareo . . . Henoy izay Nolazainy. "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia satria tsy ao anatinareo ny fitiavana an'Andriamanitra." Ankehitriny, tsy misy fialan-tsiny. Izy no manao an'izany mazava, ary tsy maintsy milahatra eo amin'io marika io isika.

117 Fantatro fa mihevitra ianareo hoe mampahatahotra aho. Fa feno mampahatahotra mihitsy aho izao ankehitriny izao. Hitanareo? Henoy. Marina izany. Ankehitriny milahara eo amin'Izany, rahalahy, ranabavy.

118 Aza mamela an'ireo kolejy ara-tsaina sasany manodidina eto hiteny aminareo hoe, "Oh, karazan-javatra tranainy be izany."

Raha karazan-javatra tranainy be Izany, amin'izay fotoana izay dia tranainy be Andriamanitra. Ary raha tranainy be Andriamanitra, amin'izay fotoana izay aho dia izy, ihany koa. Amena. Te-hitovy Aminy aho. Nahoana? Ny Fanahiny no ao anatiko, izay noana sy mangetaheta, miantso ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'ny Teny . . .

119 Raha hoy ny olona hoe, "Mety tsara izany, oh, raha milalao karatra kely ny olona iray ho an'ny lalao, ka miloka nikela iray na roa fotsiny. Mety tsara izany." Andriamanitra no milaza fa tsy mety izany.

120 "Oh, raha mandray fisotroam-pifankatiavana tsara iray fotsiny ianao, ary lasa mamomamo kely fotsiny, matetitetika."

Fa hoy Andriamanitra hoe, "Loza ho azy."

121 "Oh," hoy ianareo, "mety tsara izany, Ranadahy Branham. Izaho—izaho—izaho dia manapaka ny voloko nohon'ny zavatra tena misy iray. Ny vehivavy, fantatrao, manao an'izany ny sisa amin'ireo vehivavy." Tsy ahoako izay ataon'ny sisa amin'ireo vehivavy. Tsy izy ireo no ohatrareo na tsy izy ireo no mpampiasa anareo. Raha manana ny Fanahy Masina ao anatinareo ianareo, dia hanaraka an'ireo Toro-heviny ianareo tsy mampaninona izay lazain'ny olona mikasika anareo.

122 "Eny, Ranadahy Branham, tena mafana mihitsy ny andro, ary tsy maintsy manao an'ireo akanjo kely *izao-sy-izao* fotsiny aho." Ny helo dia mbola mafana kokoa noho izany, ranabavy malala. Mamelà ahy hiteny aminareo an'izany. Ary—ary aza manao. Tsarovinareo izany.

123 Ary ny Fanahy Masina dia hitarika anareo foana ho amin'ny Fahamarinana, ary Ny Fahamarinany dia ny Teny. "Ny Teniko no

Fahamarinana. Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho marina."

Ary eritrereto fotsiny hoe, "fahavetavetana iray." Azonareo eritreretina ve?

124 Teny iray mampahatahotra ho lazain'ny mpitoriteny iray ity, fa niditra tao amin'ny toeram-pivoahana aho an'ireo toerana izay tena . . . Voatery tsy maintsy hivoaka ianareo, saiky, ilay izy dia tena . . . Ary ireo zavatra maloto teo amin'ny rindrina. Nieritreritra aho hoe, "Ahoana marina no ahafahan'ny olona ho tena nidina ambany?" Ary maimbo! Ary rehefa miditra ao amin'ireo toerana ireo aho, dia nieritreritra mazàna hoe, "Maimbo toy ny inona!" Izaho dia . . . Tao, nohazoniko tahaka an'*izao* ny oroko, mba hanasa ny tànako. Natahotra aho hoe rehefa nihazona an'ireo famoham-baravarana, indray, dia hisy tsimoka avy amin'ny aretin'ny taovam-pananahana sy ny sisa. Dia nieritreritra aho hoe, "Oh!"

125 Indray andro, nitsangana teo amin'ny seranam-piaramanidina aho, iray amin'ireo toerana ireo no nidirako, na toeran'ny fiaran-dalamby, niditra tao aho. Dia nieritreritra aho hoe, "Oh, mamindrà fo."

126 Ary nisy Zavatra nilaza tamiko hoe, "Tahaka an'izany ny fofon'izao tontolo izao amin'Andriamanitra. Fahavetavetana iray izany."

127 Nieritreritra aho, rehefa mahita vehivavy iray mandeha eny an-dàlambe, miaraka amin'ny tenany mifinjifinjy tahaka an'izao, ary manao akanjon-dehilahy, tahaka an'izany ilay izy amin'Andriamanitra. Fahavetavetana iray izany, zavatra iray izay maloto sy maimbo, eo anatrehan'Andriamanitra. Kanefa, dia handeha ho any am-piangonana izy ny Alahady, ary mihaingo tanteraka.

Handeha eo ny lehilahy anankiray, ary hisotro, sy hanambaka, sy ho tia vola, ary hanambaka ny mpiara-monina aminy, sy ny zavatra hafa, mba hahazo vola mihoatra kely; ary manao an'ireo zavatra ireo, sy miloka, sy mifoka, sy misotro, ary mandainga; nefa avy eo dia mandeha mankany am-piangonana ary mijoro vavolombelona. Fahavetavetana! Fahalotoana! Izany ilay fiangonana ara-tsaina.

128 Hoy izy, "Eny, mikambana amin'ilay fiangonana aho." Eny, ary tsy maintsy mamela an'ilay fiangonana hivoaka, dimy ambin'ny folo minitra, mba ahafahan'ireo diakona rehetra sy izy rehetra ireo hifoka, ary ilay pasitera, ihany koa, mialohan'ny ahafahanareo hiverina indray hiangona. Teneno amiko! Saraho amin'ny zavatra rehetra tsy madio ny tenanareo!

129 "Lotoy ilay vatana; Izaho no handrava azy." Andriamanitra no nilaza fa Hataony izany. Ary amin'izao andro izao, eo amin'ny homamiadana, ny miteraka ny sivifolo isan-jato mihoatra an'ny fahafatesana, ny homamiadan'ny tenda sy ny avokavoka, dia

vokatry ny fifohana sigara. "Lotoy ilay vatana; Izaho no handrava azy." Fa tena an-dàlana ho any amin'ny helo izy ireo, manohy tahaka an'izany, tsy mahafantatra izy ireo.

Ary mpitory teny iray no mijoro eo amin'ny polipitra miaraka amin'ny diplaoma efatra, an'ny kolejy, mifoka, ny tenany. Mamelà ahy hiteny zavatra iray aminareo, rahalahy. Ny Fanahy Masina dia nirahina hiantso lehilahy sy vehivavy hivoaka amin'io zavatra io. Saraho ny tenanareo!

Ny teny hoe *fiangonana* dia midika hoe "nosarahina." "Mivoaha eo anivon'izy ireo," hoy ny Baiboly. "Aza mikasika an'ireo malotony, dia handray anareo Aho; ary ianareo ho zanakalahy sy zanakavavy ho Ahy, ary Izaho ho Andriamanitra aminareo." Oh, oadray! Tsy izaho no te-ho ratsy fanahy, fa te-ho mahitsy fo sy ho mahatoky aho. Eny, tompoko. Oh, zavatra mahatsiravina toy ny inona!

130 Ry lehilahy sy vehivavy, aiza isika no mitsangana androany? Aiza no misy antsika? Ndao isika hijanona.

131 Indray hariva, teo amin'ny seza tranainy kely iray tao amin'ilay efitra, (ary tsy maintsy mamarana aho), seza mivalona roa tranainy kely iray. Rehefa avy nivavaka nandritry ny telo na efatra andro, koa tonga teo amin'ny karazana toerana iray aho, nihodinkodina, ary nieritreritra hoe, "O Andriamanitra," ary tonga teo amin'ny karazana toerana iray aho hany ka tsy fantatro izay natao. Hoy aho hoe, "Andriamanitra, eo amin'ny faran'ny làlana izahay. Ary fantatro fa nanao tsirambina aho. Nahazo antso mba handeha aho, nefa reraka, ka tsy nanao an'ilay izy." Nieritreritra aho tamin'izay fa afaka nahita ny Tompoko nivembena tao amin'ny aizina tany, rehefa tena reraka Izy ka zara raha afaka nanainga tongotra iray taorian'ilay iray hafa Izy, fa Izy dia tsy tena . . . Nijanona ho an'ilay vehivavin'i Naina, avy eo ho an'ilay zazalahy nentina tany izay maty; hany ka afaka nandeha teo Izy ary nikasika an'ilay vatam-paty, sady nampiasa an'ilay hery kely izay tao Aminy mba hanangana an'io zazalahy io. "Eny, ahoana no nahatonga ahy ho reraka? Inona ny olana amiko, Tompo? Indro aho fa mieritreritra hoe, 'Eny, miha-antitra aho. Izaho—tsy afaka manao an'ilay izy aho.'"

132 Teo i Mosesy, ilay Andriamanitra iray ihany izay tompoiko, nitsangana tany, roapolo amby zato taona.

Teo i Kaleba, nitsangana teo amin'ny faha-sivifolo taona, niaraka tamin'ny sabatra iray teny an-tànany, ka nanao hoe, "Josoa no nametraka an'ity sabatra ity teto an-tànako, efapolo taona lasa izay." Valopolo taona izy tamin'izany. Hoy izy, "Mbola lehilahy iray tsara foana tahaka ny naha-izy ahy tamin'izany fotoana izany aho." Amena.

Hoy aho hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko."

133 Hoy aho hoe, "Eny, jereo eto, izaho isan'andro dia . . ." Fa noraisiko ny vadiko (iry aoriana iry) tamin'ny tànana, teo

amin'ity Baiboly ity sy ny Baiboly keliny, ary hoy aho hoe, "Malala, efa tena negatifa loatra aho. Manameloka ahy ao anatiko ny Fanahy Masina." Hoy aho hoe, "Mieritreritra an'ireo vontsira tany ireo aho. Mieritreritra an'i Hattie Wright tany aho, sy ireo zazalahy kely. Mieritreritra ny nataon'Andriamanitra aho, naneho fa Izy no Andriamanitra, izay afaka namorona." Haleloia!

Nieritreritra aho hoe, "Izy no niteny an'izany tamiko, taona maro lasa izay hoe, 'Tsy hamela anao Aho. Tsy handao anao mihitsy Aho. Tsy hisy olona hahatohitra anao, amin'ny andrompiainanao rehetra. Homba anao Aho. Ary avy amin'io tànan'ny famantarana io, no hahatongavan'izany hany ka hahafantatra ny tsiambaratelon'ny fo ianao. Aorian'izany, dia hiakatra hiha-avo sy hiha-avo izany.' Ny taona nanaraka an'io, dia voaporofo tanteraka izany, nanerana an'izao tontolo izao. Indro tonga izao, ity asam-panompoana hafa lehibe ity, mihoatra lavitra an'izany."

Hoy aho hoe, "Malala, mandray ny tànanao aho. Nohon'ny fanampian'Andriamanitra sy ny fahasoavan'Andriamanitra, dia aza mamela ahy ho negatifa intsony indray. Avelao aho handroso mankany amin'ity fifohazana eto ity mba hitory tsy hitovy amin'ny taloha intsony. Avelao aho handeha eto, mba hanamasina ny tenako aloha, ary hanao làlana iray ho an'ny olona; ka ireo fahotako manokana, ny tsirambiko manokana anie ho eo ambanin'ny Rà, ireo tsy fahampiako manokana anie ho eo ambanin'ny Rà, mba ahafahako mandroso ka manao hoe, 'Manaraha ahy, ry olona.'" Marina izany.

Halako ny mijery zalahy iray manao hoe, "Mandehana ianao manao an'ilay izy." Tiako ny mahita olona iray izay hitarika ny fomba fanaovana an'ilay izy. Eny, tompoko.

134 Teto fotoana vitsy lasa izay, nanana afo iray isika teto amin'ny tanàna teo, nirehitra ny Pfau Oil Company. Nalefan'izy ireo tany ny Jeffersonville Fire Department. Ary ny sakaizako iray, lehilahy tsara, izay tsy mbola zatra mihitsy eo amin'ny afo goavana tahaka an'izany, nandeha teo izy, nanao hoe, "Tondraho rano kely *eto*, ry tovolahy. Tondraho rano kely *eto*."

Indro tonga teo ilay Clarksville kely, "ding, ding, ding, ding," nihazakazaka teo. Ary nilaza izy, nitsambikina ilay lehiben'ny mpamono afo, nanao hoe, "Tondraho rano kely *eto*. Vakio ity varavarankely *eto* ity. Tondraho rano kely *etsy*."

135 Fa tery am-pitan'ilay renirano dia tonga ireo lehilahy mpamono afo niofana avy tany Louisville. Mbola tsy nijanona akory ilay faraingo goavana sy tohatra dia efa teny amin'ny faran'ny tohatra ilay lehibe. Rehefa niakatra ilay tohatra, dia izy no teo amin'ilay loha. Natsipiny ny famakiny talohan'ny nahatongavany teo, ary novakiany ilay varavarankely, nanao

hoe, "Avia, ry tovolahy!" Izay ilay izy. Maty afaka minitra vitsy ilay afo.

Tsy hoe, "Tondraho rano kely *eto*. Tondraho rano kely *etsy*." Izany dia manao ao an-tsainareo, ny sasany amin'ireo mpitory teny ara-tsaina ireo.

136 Avia aty! Ndao isika handeha! Fantatro fa Izany no Fahamarinana. Efa nanandrana aho ka nahita. Voninahitra! Marina ny Fanahy Masina. Tsara Andriamanitra. Aza manandrana *eto*, manandrana *etsy*; ndao isika hiditra ao Aminy! Eto Izy. Ho anareo Izany. Nanome Ny Heriny ho an'Ny Fiangonany Andriamanitra. Tsy hoe tondraho *ity* eto ity, dia tondraho; tsy hahavita na inona na inona mihitsy ianareo. Tariho! Amena. Ah! Fioo!

Tsy afaka mahita amin'ny alàlan'ireto intsony akory aza aho. [Manala ny solomaso famakiany Rahalahy Branham—Mpand.]

137 Amena! Inona no hataontsika? Ny olona tsirairay mipetraka eto dia feno zavatra iray.

Avy eo dia hamarana aho; tsy maintsy hamarana, aorian'ity.

Feno zavatra iray ianareo. Tsy afaka mipetraka eo ianareo raha tsy efa feno zavatra iray. Manana aina iray ianareo ao anatinareo. Io aina io no mitondra anareo, ary io aina io dia entin'ny fanahy iray.

Ankehitriny, mety ho feno an'izao tontolo izao ianareo, tia an'izao tontolo izao na ireo zavatr'izao tontolo izao. Hamindra fo aminareo anie Andriamanitra.

Mety ho feno fanekem-pinoana avy amin'ny fiangonana iray ianareo, vavaka kely sasantsasany izay ataonareo tsianjery, mihevitra ianareo fa izany dia hivavahana ho an'ny olona maty iray, na—na manao karazana famantarana iray eo aminareo. Hamindra fo aminareo anie Andriamanitra.

138 Ary mety ho feno fivavahana ianareo, ary mbola ratsy izany. Marina izany. Marina izany. Hoy ny Baiboly hoe, "Amin'ny andro farany dia ho tena mpivavaka izy ireo, manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny: alaviro ny tahaka an'izany."

Raha feno fivavahana ianareo, dia mahantra; fivavahana fotsiny, dia izay ihany. Raha feno fanekem-pinoana ianareo, dia tsy fantatrareo izay resahanareo. Raha feno an'izao tontolo izao ianareo, dia jamba.

139 Ary avy eo, indray, dia mety ho feno ny Fanahy Masina ianareo. Amena. Manantena aho fa feno ianareo. Ary, raha tsy feno ianareo, dia manantena aho fa ho feno. Ary raha feno ny Fanahy Masina ianareo, dia inona no anananareo? Manana Hery ianareo. Manana fitiavana ianareo. Manana fiadanana ianareo. "Ny Fiadanako no Homeko anareo; tsy tahaka an'izao tontolo

izao, no Omeko anareo." Manana fiadanana ianareo. Voaisy tombokase ianareo. Manana famantarana iray ianareo. Amena. Manana fitsaharana ianareo. Manana fifaliana tsy hay lazaina ianareo, ary feno voninahitra. Mifikitra ianareo. Oh, oadray! Izany ianareo, miaraka amin'ny Fanahy Masina. Ianareo dia manana . . . Raha feno ny Fanahy Masina ianareo, "Tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo," miandry an'ilay fitsanganana faobe amin'ny andro farany.

140 Ao amin'ilay tontolo izay ho avy, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika, sy izay nahita Azy tonga tamin'ny voninahitra sy ny fiandrianana, "Hamoaka an'ireo matiny ny ranomasina." "Ny vatana mety lò an'ireo izay nodimandry tao Aminy dia . . . "

"Matory ao Aminy." Ahoana no idiranareo ao Aminy? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ao amin'ny Vatana iray."

"Ireo vatana mety lò izay matory ao Aminy dia hovaina ary atao hitovy amin'ny Vatany Manokana be voninahitra, izay Ahafahany mampanaiky ny zavatra rehetra ho an'ny Tenany."

"Nahare feo avy tany An-danitra aho," hoy i Jaona, "nanao tamiko hoe, 'Soraty, "Sambatra ny maty izay maty ao amin'ny Tompo . . . "'" Ahoana no hidiranareo? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika ao amin'ny Vatana." [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] "'"' . . . izay maty ao amin'ny Tompo manomboka izao; fa mitsahatra amin'ny asany izy ireo; ary ireo asany dia hanaraka azy ireo."'" Hmm!

Ho an'izany no Nandefasany ny Fanahy Masina. Oh, antoka voatahy, ahy Jesosy! Ao Aminy aho, ary Izy ato amiko; ny Ray ao Aminy, ary Izy ao amin'ny Ray; ary ny Ray ato amiko, ary izaho ao Aminy.

> Ahy Jesosy!
> Oh, fanandramana mialoha an'ny voninahitra Masina toy ny inona!
> Mpandova famonjena aho, voavidin'Andriamanitra,
> Nateraky Ny Fanahiny, rehefa voasasa tao amin'Ny Ràny.

Amena. Tsy hatakaloko izany. Oh, oadray!

> Ny voahangy sy diamondra rehetra, sy volafotsy ary volamena,
> Feno ireo Vatany, manana harena tsy hay lazaina Izy.

Satria zanaky ny Mpanjaka iray aho!
Izaho no zanak'ilay Mpanjaka!
Miaraka amin'i Jesosy Mpamonjiko,
Izay manao ahy ho zanaka iray an'ilay Mpanjaka!

141 Amena dia amena. Tsy hatakaloko izany. Tsy hatakaloko izany. Mbola manana roa na telo aho eo amin'ny Sora- . . .

Avy eo, ity ny Soratra iray hafa. Rehefa—rehefa feno ny Fanahy Masina ianareo, dia izany ireo zavatra izay anananareo. Amin'izay fotoana izay dia inona ianareo, ho an'izao tontolo izao? Tsy tompon-tany iray. Fantatro fa tara izao, saingy tsy tara loatra mihitsy ilay izy ho an'ity. [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy tompon-tany iray! Oh!

Mpivahiny sy vahiny isika eto,
Mitady tanàna iray ho avy isika,
Ho avy tsy ho ela ilay lakan'aina,
Hanangona an'Ireo Firavany ho any an-Trano.

142 Afaka mandre ny fitobatobaky ny rano any amin'ny Renirano Ohio aho, fony aho zazalahy antitra kely mpitory teny, teo amin'ny roa amby roapolo taona teo, nihira an'izany tany. Ary nandre aho, niandrandra teo amboniko, ary nandre Feo iray, nanao hoe, "Miandrandrà." Indro tonga ilay Hazavana goavana nihantona tany mihitsy, nidina teo amboniko, ka nanao hoe, "Tahaka ny nanirahana an'i Jaona Mpanao-batisa hialoha làlana ny Fihavian'i Kristy voalohany, dia hanana Hafatra iray ianao izay hialoha làlana ny Fihavian'i Kristy faharoa."

Oh, ahoana no nahafahako nino an'izany? Saingy nitranga mihitsy izany. Ary izao hariva izao dia mirehitra manodidina sy manodidina an'izao tontolo izao ireo afom-pifohazana. Manangana ny Tenany hiala amin'izany toerana izany ilay Fiangonan'Andriamanitra lehibe voavidy, ary ireo asam-pitoriana lehibe an'ny fanasitranana, sy famantarana, sy fahagagana, ary zava-mahagaga, izay maneho an'ilay fihaviana.

143 Tsy tompon-tany iray ianareo, ary vahiny iray. Manao zavatra hafahafa ianareo, hafa noho izay nataonareo taloha. Tsy mihetsika tahaka ny nihetsehanareo taloha ianareo. Ny olona . . . Ny Fanahy Masina, rehefa tonga eo aminareo Izy, ka lasa feno ny Fanahy Masina ianareo, dia tsy mahalala an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Tsy mahalala an'ireo zavatra izay hanodidina anareo ianareo. Tsy mahalala an'izany ianareo. Amin'izay fotoana izay ianareo dia lasa ho—ho zava-boahary mahatsikaiky fihetsika iray, ilay ganagana kely ratsy tarehy, ho azy ireo, ilay voromahery kely izay foy tao anatin'ny akanin'akohovavy; izay notoriako hoe, *Ary Rehefa Nanaitra Ny Akaniny Ny Voromahery*. Zava-boahary hafahafa jerena iray ianareo, ho azy ireo.

Fa, oh, oadray, miakatra eo amin'ny Làla-malalak'ilay Mpanjaka! Amena. Oh, Làla-malalaka iray mankany An-

danitra izany. Ary miakatra eo amin'ny Làla-malalak'ilay Mpanjaka aho.

Hoy izy ireo, "Jereo io holy-roller io, io ganagana kely ratsy tarehy io. Io ilay mpitory teny holy-roller."

144 Mpitory teny malaza Metodista anankiray no nilaza tamin'ny lehilahy iray androany, tany Louisville, hoy izy, "Tehanampy an-dRahalahy Billy aho, saingy fantatrareo ve izay hataoko? Tsy maintsy hanapaka ny tendako aho." Tsy voatery hanapaka ny tendanareo ho ahy ianareo.

Izy no nanapaka ny Ainy ho ahy. Amena! . . . ? . . . Miakatra fotsiny eo amin'ny Làla-malalak'ilay Mpanjaka, izay ihany. Oh, oadray! Feno Ny Fanahiny! Nateraky Ny Fanahiny! Voasasa tao amin'Ny Ràny! Haleloia! Faly!

145 Ary avy eo dia zavatra hafa iray, nahoana, inona no mampanao anareo an'izany? Mbola olombelona iray foana ianareo, saingy inona no mampanao anareo an'izany? Dia satria tonga ianareo, ianareo, avy any ambony ny Fanahinareo. Izany no Andriamanitra ao anatinareo.

146 Rehefa nandeha nankany Roma aho, dia voamariko fa izy ireo, ny tsirairay avy, dia nanana ny fanahy Romana iray. Rehefa nandeha nankany Grece aho, dia nanana ny fanahy Grika izy rehetra. Nandeha nankany Angletera aho; izy rehetra dia nanana ny fanahy Anglisy. Rehefa mandeha any amin'ireo toerana ianareo, ianareo dia mahita . . . Avy eo ianareo dia mahita an'ilay fanahy Amerikana; mahatsiravina izany.

147 Rehefa nandeha tao amin'ireo fasana ambanin'ny tany an'i San Angelo tany Roma aho, dia nanana mari-pamantarana iray izy ireo tany hoe, "Azafady, ry vehivavy Amerikana, anaovy ny akanjonareo, mba hanajana ny maty." Fanahy Amerikana.

Diniho izy ireo midina ny fiaramanidina, sy manao an'ireo akanjo kely, ka mijery azy ireo ny olona rehetra, ary indro tonga i Miss America. Izany no fanahy Amerikana. Afaka miteny ianareo hoe avy aiza izy; tsara akanjo, ry tovolahy, mitaritarika zanak'alika antitra kely milanjalanja orona aoriany. Marina izany. Oh, hia, izy dia . . . Izy, izy no Amerika, Miss America; mandroso, fantatrareo, misehoseho tahaka an'izany. Nahoana? Manana fanahy Amerikana izy. [Mandondòna ny polipitra inenina Rahalahy Branham—Mpand.] Fa nilaza Jesosy, nanambara nanohitra an'izany Izy tamin'izany andro izany, hoy Izy hoe, "Avy amin'ity tany ambany ity ianareo. Izaho avy any Ambony."

Ary raha manana ny Fanahin'i Kristy ao anatinareo ianareo, dia avy any Ambony, amin'izay fotoana izay dia vahiny iray ianareo eto.

148 Fa manana ny natioran'ilay toerana nihavianareo ianareo. Izay no ezahako ho lazaina. Tonga eto ny Romana iray, mihaotra ny lohany izy; ary tonga eto ny Alemandy iray; mandeha

any ny Amerikana. Nahoana? Manana ny fanahin'ireo firenena nihavianareo ianareo.

Izany no manao antsika ho tena samihafa betsaka amin'izao tontolo izao. Avy any Ambony ianareo. Teraka ianareo. Ianareo dia—teratany iray an'ny Fanjakana hafa iray ianareo. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany no Fanahy Masina, dia ny hanao anareo ho teratany iray an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

149 Noho izany, raha teratany iray an'ny Fanjakan'Andriamanitra ianareo, dia ahoana no hampihetsehan'Izany anareo? Tahaka ny ataon'Andriamanitra ao amin'Ny Fanjakany. Ankehitriny, inona no ataon'Andriamanitra ao amin'Ny Fanjakany? Izany dia fahamasinana, fahamarinana, fahadiovam-pisainana, fahadiovan-tsaina; Hery sy fitiavana, mandeha mankany amin'ilay very, manasitrana ny marary, manao fahagagana, manao zavatra lehibe. Noho izany, dia tahaka ny adala ianareo ho an'izao tontolo izao, ka hoy izy ireo hoe, "Ireo zalahy ireo dia mikorontan-doha." Hitanareo? Saingy teratany iray an'ilay Fanjakana ianareo.

150 Soratra iray amboniny, raha tianareo ny handray naoty an'izany, Jaona 12:24. Mamelà ahy hanonona an'izany aminareo haingana mihitsy. Hoy Jesosy hoe:

> . . . raha *ny voam-bary iray no* milatsaka *amin'ny tany* . . . raha tsy maty izy, dia tsy afaka hamokatra aina hafa iray.

Ankehitriny, jereo, fanamarihana farany iray ankehitriny. Ary tsarovy, amin'izay fotoana izay, izany dia tena . . . Ankehitriny, ho anareo olona, tena zava-dehibe sy ilaina izany, ary maha-voatery sy tsy maintsy atao, ny andraisanareo ny Fanahy Masina ankehitriny. Satria, raha tsy izany ianareo, dia tsy afaka ho tonga ao amin'ny fitsanganana. Diniho ankehitriny. Tsy afaka handika ny Lalàny Andriamanitra. Fantatsika izany. Manaraka ny Lalàny Izy.

151 Ankehitriny, ny—ny voam-bary iray, na voan-javatra, no horesahantsika, tahaka ny nolazain'i Jesosy eo. Mazava ho azy, ny—ny voan-javatra iray, ao anaty Baiboly, vao avy namaky an'izany aho androany, dia manondro rongonim-bazaha na karazana voa iray, saingy, vary, varim-bazaha, varin-karana, na zavatra iray, dia voan-javatra iray izany. Fa rehefa milatsaka amin'ny tany ny voam-bary iray, ankehitriny, dia misy . . . Isika rehetra eto dia efa nahita, mahafantatra fa izany no mitranga. Ny voam-bary iray, na ny voan-katsaka iray, dia mety ho tanteraka arak'izay maha-izy azy, ary ataonareo ao anatin'ny tany izy, ka raha io voan-javatra io . . .

Manana fiainana maharitra izy. Hidina izy androany, hamokatra indray ny tenany ao amin'ny taho iray; ary hiverina

hidina, dia miakatra indray; ary miverina midina. Fiainana maharitra izany.

Raha tsy manana an'ilay tsimok'aina ao anatiny io voan-javatra io, tsy mampaninona na toy ny ahoana aza no maha-tsara tarehy azy, dia tsy hitsangana mihitsy izy. Handeha ao amin'ny tany izy ary ho lò, dia izay no izy. Ny ampahany, ireo fitaovana, dia azo ampiasaina handonaka sy ny sisa ao anatin'ilay tany. Fa raha ny amin'ny hoe mba ho velona indray, tsy ho velona mihitsy izy raha tsy manana fiainana maharitra ao anatiny. Na iza na iza dia mahafantatra an'izany. Tsy afaka fotsiny ianareo.

152 Mety hisy lehilahy roa, ny iray amin'izy ireo dia marina tokoa, mitovy mihitsy izy roa. Ny iray amin'izy ireo dia afaka ny ho lehilahy tsara iray, afaka manao asa tsara izy, afaka manao ny sisa izy; fa raha tsy manana Fiainana Mandrakizay ao anatiny io lehilahy io, dia tsy hitsangana mihitsy izy amin'ny fitsanganana. Tsy afaka manao an'izany izy; tsy misy na inona na inona hanangana ao. Tsy misy na inona na inona hampakatra azy ao, tsy misy Aina ao. Noho izany, hitanareo, ry rahalahy malalako, ry ranabavy malalako, raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy afaka hiverina ao amin'io Fanjakana io mihitsy izy na ahoana na ahoana. Tsy afaka izy. "Raha tsy milatsaka amin'ny tany io Voam-bary io ka maty." Miresaka ny amin'ny Tenany Izy. Fa Izy dia nanana, tsy fiainana maharitra, Izy dia nanana Fiainana Mandrakizay; ary Nomeny anareo ny Fiainana, mba ahafahanareo manana an'ilay karazana Fiainana iray ihany.

153 Ankehitriny, raha manana fiainan'olombelona fotsiny ianareo, ampy hampandehandeha anareo sy hitsiriritra, "Izay mivelona amin'ny fahafinaretana dia maty fahavelona izy," tsy afaka hitsangana ianareo. Mety ho ilay zazavavy malaza indrindra ao an-tsekoly ianareo. Mety ho ilay zazavavy malaza indrindra ao amin'ny filalaovan-karatra an'ny fikambananareo ianareo. Mety ho ilay vehivavy tsara akanjo indrindra ao amin'ny firenena ianareo. Mety ianareo no tsara tarehy indrindra. Mety ianareo no tsara vatana indrindra. Mety ho sampy iray ho an'ny vadinareo ianareo. Mety ho ireo zavatra rehetra ireo ianareo, fa, mahafinaritra izany. Saingy, ranabavy, raha tsy manana ny Fanahy Masina ao anatinareo ianareo, izay ny Fiainana Mandrakizay, dia ho vita ianareo any amin'ny faran'izao làlana izao.

Ary tsy ahoako na toy ny ahoana ianareo na ahoana ireo zavatra ireo, na tsy malaza na malaza toy ny ahoana ianareo, tsara tarehy toy ny ahoana na ratsy tarehy toy ny ahoana; raha manana Fiainana Mandrakizay ianareo, dia ho velona any mandrakizay sy mandrakizay.

154 Rehefa ho lasa ny volana sy ny kintana, ka hitomany ny tenany hatrany amin'ireo tendrombohitra sy ny tany efitra ny tany, ka ny zavatra rehetra dia—dia, tsy hisy intsony izany;

ary izao tontolo izao dia hivembena tahaka ny lehilahy mamo iray mandeha mody any an-trano amin'ny alina, ary handà tsy hamiratra ireo kintana, ka hilatsaka avy any an-danitra, ary hivadika ho rà ny volana; ary ny—ny masoandro hiteramena ka hanafina ny tavany, rehefa hahita ny Zanak'olona tonga izy ireo. Hamiratra ao amin'ny fahamarinan'i Jesosy Kristy ianareo, mba hivoaka avy ao am-pasana toy ny vehivavy tanora iray, tsara tarehy, mba handray ny sakaizanareo, ka ho velona mandrakizay sy mandrakizay ary mandrakizay, ary mbola ho velona amin'ny taona Mandrakizay rehetra ianareo. Ho an'izany ny Fanahy Masina.

Raha mahatsapa an'ilay fisintonana kely indrindra ianareo, dia aza lavina Izany.

155 Inona ny Fanahy Masina? Andriamanitra ao anatinareo. Ho an'ny inona Izy? Hanohy ny Asany eo anivon'ny Olony; hitondra Ny Fiangonany miaraka, hitondra an'ilay Fiangonana eo amin'ny toerana iray amin'izao andro izao, mihoatra lavitra ny Loterana, Metodista, sy Pentekotista, ao amin'ny toerana iray ho amin'ny fananganan'anaka sy fahasoavan'ny Fampakarana. Ka, rehefa ity ampahan'ny Fiangonana ity, rehefa miditra ao amin'ity Fiangonana eto ity ny Fanahy, dia hitsangana fotsiny izy; ary izy dia hamokatra, hamokatra an'ilay navotana rehetra izay nikasika an'io Fanahy io.

Ireo Loterana izay nitsangana tany ireo niaraka tamin'ny hazavana rehetra izay nananany, tao amin'ny fanamarinana; ireo Metodista izay lavo tamin'ny gorodona ireo, ka nanipy rano teo amin'ny tavany izy ireo, noho ilay Fanahy izay nandona azy ireo tamin'ny alàlan'ny fanamasinana; ireo Pentekotista ireo, izay nandeha nandroso-sy-niverina teny an-dàlambe ka niantso azy ireo hoe "lela hatrany amin'ny avokavoka," sy, oh, "mpinananana," sy "fitenin-gisa," ary io rehetra io; hitsangana amin'ny fahamarinana izy ireo, eo imason'Andriamanitra amin'izany Andro izany, azo antoka mihitsy tahaka an'ity Baiboly mitsangana eto ity. Raha mino ahy ho mpanompo iray ianareo. . . Ianareo no miantso ahy ho Mpaminaniny; tsy miantso ny tenako ho izany aho. Fa, henoinareo, miteny aminareo amin'ny Anaran'ny Tompo aho. Ireo izay ao amin'i Kristy no ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy amin'ny Fihaviany, amin'ny fitsanganana, ary ireo izay ao amin'i Kristy irery ihany.

Ahoana no idirantsika ao amin'i Kristy, ry havana?

156 Amin'ny fanekem-pinoana iray izay ikambanantsika rehetra ve? Tsia. Amin'ny fandraisan-tànana izay nisintonana antsika rehetra hiditra ve? Tsia. Amin'ny rano iray izay nanaovana batisa antsika rehetra hiditra ve? Tsia. Sa amin'ny anaram-piangonana iray izay nanaovantsika rehetra anaram-piangonana hiditra ve? Tsia.

Fa, amin'ny Korintiana Voalohany 12:13, "Tamin'ny Fanahy iray, Fanahy Masina, Fanahin'Andriamanitra, isika rehetra no..." Metodista, Batista, Loterana, Presbyterana, "Mandeha ao amin'ny Hazavana, satria Izy no Fahazavana, manana fiombonana amin'ny hafa isika, ary ny Ràn'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, no manadio antsika amin'ny tsi-fahamarinana rehetra." "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ao amin'ny Vatana iray, ary natao mpandray anjara amin'ny Fahasoavany."

157 Tsy afaka handeha any amin'ny Fitsarana ianareo. "Izay mandre Ny Teniko ka mino." Tsy misy olona afaka mino raha tsy manana ny Fanahy Masina izy. "Ka mino Izay naniraka Ahy," rehefa nanambara ny Fitsanganany ny Fanahy Masina. "No manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga ao amin'ny fitsarana mihitsy izy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Inona? Tsy ho tratry ny Fitsarana mihitsy ianareo. Tsy hitsangana eo amin'ilay Seza fiandrianana Fotsy mihitsy ianareo ho an'ny fitsarana.

Mihaona amin'ny fitsaranareo eto mihitsy ianareo. Efa nandalo ny fitsaranareo ianareo rehefa nandalo ka nanao hoe, "Tsy tsara aho, ary tsy tsara ny fianarako. Tompo, midira ato amiko, ary raiso aho ka tariho, Tompo. Tsy ahoako izay lazain'ity izao tontolo izao adala ity. Tariho aho, Tompo, amin'Ny Fanahinao." Efa nitsara ianareo amin'izay fotoana izay. Tsarao ho adala iray an'i Kristy ny tenanareo, ary, ao amin'ny Fahamarinany, amin'izany Andro izany dia hitsangana tsy mety maty hitovy Aminy isika.

158 Fomba iray ihany. Ahoana? "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ao amin'ny Vatana iray." Ary rehefa ao amin'io Vatana io ianareo, dia efa nitsara an'io Vatana io ny fitsarana, ary efa nanaiky Azy ho fanaovam-panavotan'ny fahotanareo ianareo.

Hoy ianareo hoe, "Efa nataoko izany, Rahalahy Branham."

Noho izany, raha niverina ny Fanahy Masina ka nanome anareo tombokase iray ho famantarana, dia io Fanahy io no mampiditra anareo ao amin'ny Vatan'i Kristy. Mitodika amin'ilay làlana hafa ianareo, ka olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy. "Efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo. Lasa ireo zavatra fahiny, ary vaovao ao amin'i Kristy ianareo!" Amena!

159 Oh, azafady, mamelà ahy handresy lahatra anareo, ry rahalahiko Kristiana na ranabaviko. Aza mamela an'izao fifohazana izao handalo anareo. Tsy maintsy mandray ny Fanahy Masina ianareo. Inona Izany? Ny Fanahin'Andriamanitra. Ho an'ny inona Izany? Hitarika anareo, hitari-dàlana anareo, hameno anareo, hanamasina anareo, hiantso anareo hivoaka, ho ao amin'ilay Fiangonana.

Inona ny fiangonana, inona no dikan'ny teny hoe *fiangonana*? "Nantsoina hivoaka, nosarahina." Oh, toy ny ahoana no hahafahako haka toriteny iray avy amin'izany izao ankehitriny izao! "Nantsoina hivoaka, nosarahina," tsy tompon-tany, lavitra an'izao tontolo izao, mpivahiny sy vahiny, manambara fa tsy manana tanàna eto isika izay iriantsika iainana. Oh, oadray!

160 Tahaka an'i Abrahama, sy Isaka, ary Jakoba, nivahiny, nitoetra tao anaty tranolay tany amin'ilay firenena. Nanambara izy ireo fa mpivahiny sy vahiny, ny taranak'ilay mpandova, ilay mpandova tany aoriana tany; ilay ray, ilay mpandova. Isika no taranany. "Fa nitady Tanàna iray izy ireo Izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao." Amena. Nitady izy ireo.

161 Ary, androany, dia mbola mitady Tanàna iray ho avy ny taranany, manao hoe, "Tsy te-hitovy amin'ity izao tontolo izao ity aho. Tsy misy idirako amin'ity izao tontolo izao ity. Izaho dia mila, mitady Tanàna iray izay voaorina efajoro aho. Mitady Tanàna iray izay manana Fiainana Mandrakizay aho, izay misy ny masoandro tsy hilentika intsony, izay tsy hisy fahanterana intsony, izay tsy hisy lamba fisaonana intsony eo amin'ny famohana varavarana, na fasana iray eo amin'ilay ilan'ny havoana. Mitady an'io Tanàna io aho, Izay ny Mpanorina sy Mpanao, dia Andriamanitra."

162 Fomba iray ihany no ahitana an'izany. "Nisy Vato iray niendaka avy tamin'ny tendrombohitra, tsy tamin'ny tànana, izay nikodiadia teo amin'izao tontolo izao ka nanorotoro azy, ary izany dia lasa toy ny vary . . . na akofa eo am-pamoloana." Aoka io Vato io, ilay Kristy Jesosy; ilay Vato manafintohina ho an'izao tontolo izao, Vaton'ny fahatafintohinana iray, Vato fihomehezana, vato manafintohina ho an'ny fiangonana; saingy sarobidy sy Vato andriam-by ho an'ny mpino, Vaton'ny antoka, Vaton'ny fitsaharana. Oh, oadray!

Mitsahatra! Fantatro fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana aho. Mitsahatra ny fanahiko. Oh! "Mankanesa aty Amiko ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho hanome fitsaharana ho an'ny fanahinareo." "Ny—ny famantarana izay hotenenina ratsy," hoy ilay—ilay mpaminany tamin'i Maria. Izany dia ho famantarana iray, azo antoka, ho izany izy. Saingy ho antoka iray Izany. Ho fitiavana iray Izany. Ho fahafaham-po iray Izany. Ho zavatra iray Izany izay ahafantaranareo fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo.

163 Ry rahalahiko, ry anabaviko; amin'ny maha-rahalahinareo, amin'ny maha-mpanomponareo ao amin'i Kristy, dia mamelà ahy handresy lahatra anareo, araka ny foko rehetra. Aza avela handeha eo ambonin'ny lohanareo izao, na handeha eo

akaikinareo, na eo ambaninareo. Raiso ao am-ponareo Izany, dia ho olona sambatra iray eto an-tany ianareo.

Tsy mampanantena anareo aho hoe hahazo iray tapitrisa dolara ianareo. Tsia, tompoko. Rahalahy Leo, heveriko fa efa be loatra tamin'izany no nampanantenaina ankehitriny hoe, "an-tapitrisany dolara," ireo zavatra izay lazain'ny olona samihafa. "Raha ho lasa Kristiana iray ianareo, dia hahazo an-tapitrisany dolara ka ho olona manan-karena iray." Tsy mampanantena na inona na inona anareo aho.

Ity no ampanantenaiko anareo, ny zavatra tokana izay azoko ampanantenaina anareo, ny Famonjeny. Ampy ho an'ny fizahan-toetra rehetra ny Fahasoavany. Ireo olona tamin'ny Pentekosta, tsy nilain'izy ireo akory aza izay nananany. Ankehitriny dia miresaka mikasika ny mpanapitrisa? Tsy nilain'izy ireo izay nananany, Ranabavy Angie.

164 Tiako ny hihaino anao sy Gertie hihira, indray andro any, (aiza izy?), *Herinandron'Ny Fodiana Any An-Trano,* indray andro any. Maro tamin'izy ireo no efa lasa niampita an'ilay sisin-tany hatramin'io. Oh, oadray!

Tsy nangataka zavatra lehibe izy ireo. Tsy nangataka vola izy ireo. Nahoana, hoy i Petera hoe, "Tsy manana volafotsy sy volamena aho, fa izay hany ananako, no homeko anao."

Ary milaza an'izany aho izao hariva izao, ry sakaiza. Ilay fifaliana, ilay fitiavana, ilay antoka, izay ananako avy amin'i Kristy sy ny Fitsanganany, izay hany ananako, no atolotro anareo; atolotro anareo, amin'ny maha-zanak'Andriamanitra.

Ary avia ka mijanòna eo amin'ilay hazo fijaliana raha niantso anareo Andriamanitra, ary aza mitsangana. Rehefa tonga ianareo rahampitso hariva, dia tongava na hiditra eto ka hijanona mandra-pifarany; na mandrosoa dia hivavaka izahay ary hametra-tànana eo aminareo. Mandehana . . . Izany no baikon'ny Baiboly, mametra-tànana eo amin'izy ireo ho an'ny Fanahy Masina. Ary avy eo isika, handeha ho any an-tranonareo ianareo . . . Raha hijanona eo mihitsy ianareo, raha hijanona ny alina manontolo ianareo, hijanona ny andro manaraka, hijanona ny andro manaraka, hijanona mandritry ny andro fety, hijanona hatramin'ny andro voalohan'ny taona, ary hanohy hijanona, dia mijanòna mandra-paha.

165 Fa, na inona na inona hampianarinay mikasika ny rahampitso hariva, maneho aminareo ao amin'ny Baiboly izay tsy maintsy ho tonga, dia ho tonga. Ary rehefa tonga Izany, amin'izay fotoana izay dia tsy misy devoly betsaka ao amin'ny fampahoriana . . . Fantatrareo fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo. Olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy ianareo. Haneno ireo lakolosim-pifalian'ny Lanitra.

166 Rahalahy Othal, hiteny aminareo aho, handrehitra anareo fotsiny izany. Indro ny zazalahy antitra iray mipetraka eto, rahalahiko antitra iray, izay efa tontakely iray nandeha niaraka tamin'ny basy teo amin'ny valahany, nitady olona iray nanerana ny zoron-dàlana, olona iray izay hanapoaka ny ati-dohan'izy ireo. Fa inona no nitranga? Indray andro dia nijery izy ary nino ny Fiainana. Ary nanohy nandeha izy. Nanaraka an'ireo fivoriako izy. Ary ilay zalahy mampalahelo, tsy ampy sakafo, ary nandry ka natory tao amin'ny kirihitra teo akaikin'ilay tranolay, noana sy nangetaheta. Ary indray andro dia tonga ny Fanahy Masina. Oh, ry rahalahiko, izany no nanova anao, sa tsy izany? Izany dia nitondra Fiainana, ary nanaisotra ny fahafatesana. Lasa ny fankahalana, ary niditra ny fitiavana. Oh, oadray! Lasa tanteraka ny fifandrafesana sy ny fifamaliana; miditra ny Fiainana vaovao.

Jereo eto ireo hafa sy hafa, ireo hafa sy hafa, ary manerana any ivelany any. Oh, maneno ireo lakolosim-pifalian'ny Lanitra! Ry sakaiza, tsy misy fomba ho ahy hanehoana an'ilay izy.

167 Henoy, mba ahafahako miala amin'ity, raha nino ny fanambarako ianareo, amin'ny maha-mpanompon'i Kristy iray, ary efa niezaka naneho taminareo avy tamin'ny Baibolin'Andriamanitra fa marina izany. Ary raha toy ny hoe mety ho hafahafa kely ireo teniko mikasika an'izao, dia jereo ilay sary ao amin'ilay izao tontolo izao siantifika. Diniho ilay vokatra, an'io Andry Afo izay nitarika an'ireo Zanak'Isiraely io, diniho ilay vokatra izay Entiny. Jereo izay Ataony, izay Teneniny.

Tsy izaho no miteny; Izy no miteny amin'ny alàlanareo, hitanareo. Tsy izaho no mahita an'ilay fahitana; Izy no miteny amin'ny alàlanareo. Tsy izaho no manasitrana ny marary; Izy izay ao anatinareo, no manasitrana ny marary. Tsy izaho no mitory teny; izaho dia kanosa votsa saina iray, ary mandositra amin'ilay tena fisainana mihitsy, fa Izy no miteny amin'ny alàlako. Tsy mahafantatra ny Teny aho; fa Izy no mahafantatra an'Izany. Izay no izy. Izay no izy. Izany ilay izy.

Ary io Izy. Ary ilay Anjelin'Andriamanitra iray ihany mihitsy no ato amin'ity tranobe ity izao hariva izao. [Mandondòna ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Oh, toy ny ahoana no itiavako Azy!

168 Ankehitriny firy no te-handray ny Fanahy Masina? Manaova fandinihana ny fiainanareo. Firy no tsy nandray Azy, ka mila? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Rahalahy Branham, amin'ny halalin'ny foko, dia te-handray ny Fanahy Masina aho." Andriamanitra hitahy anareo, na aiza na aiza.

169 Firy aminareo no efa nandray Azy, ka te-handeha tahaka ny nataon'izy ireo ao amin'ny Asa 4, ka hanao hoe, "O Tompo, O Tompo, atsory ny Tànanao mba hanasitrana, ary haneho

famantarana sy fahagagana amin'ny Anaran'Ny Zanakao masina Jesosy, ka omeo ahy ny fahasahiana rehetra sy fitiavana, mba hiteny, ary famenoana vaovao iray"? Eny, ity ny ahy, ihany koa. Andriamanitra, omeo ahy Izany.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika, ao amin'ny halalin'ny fahatsoram-po indrindra, ny olona tsirairay mihazona ny fanirianareo ao am-ponareo.

170 Tompo Jesosy, mamarana an'ity fivoriana kely miaraka ity izahay izao hariva izao, taorian'ny fiombonana manodidina ny Teny sy ny Fanahy Masina. Toy ny ahoana no Nitahiany anay ka nandrotsaka tao am-ponay an'ilay diloilon'Ny Teniny! Misy an'ireo mpitoriteny, misy an'ireo olona eto izay tao amin'ny diam-piainana rehetra, izay nanandrana ka nahita fa tsara ny Tompo. Fantatray hoe inona ny Fanahy Masina ankehitriny, teny fikasan'Andriamanitra iray. Izany no Fiainana Mandrakizay ho an'izay rehetra mino.

171 Ary fantatray fa ny Fanahy Masina dia ny Fanahin'i Jesosy Kristy izay nirahina indray, ary ao anatinay Izy androany. Satria teo amboninay Andriamanitra, tao anatin'io Andry Afo io; avy eo dia nandeha niaraka taminay Izy, tao amin'ilay . . . ny vatana iray izay nantsoina hoe *Imanoela,* "Andriamanitra niaraka taminay"; ary ankehitriny dia ao anatinay Izy, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, Andriamanitra ao anatinay. Oh!

Hoy Jesosy hoe, "Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ary ianareo ato Amiko, ary Izaho ao aminareo. Ho azonareo izany amin'izany andro izany. Satria, ao amin'ny tontolon'ny aizina iray ianareo, araka ny ilazana azy, ankehitriny, saingy amin'izany andro izany dia hahazo ianareo."

172 Ray, tsy mety ho vita mazava sy tanteraka ilay izy, satria amin'izay fotoana izay dia tsy hanana na inona na inona hananana finoana izahay. Fa ny asan'Andriamanitra rehetra dia tantanan'ny finoana. Ary amin'ny finoana Ny Teninao, ao amin'ny porofon'ny Fanahy Masina izay fantatray fa izy ankehitriny, dia mangataka aho mba ho feno ny Fanahy Masina ny fanahy noana rehetra ato. Ireo izay tsy manana Azy, sy izay noana Azy, dia tsarovy fotsiny . . . Te-hilaza amin'izy ireo izahay, Tompo, tahaka an'izao no Nilazanao azy hoe, "Sambatra ianareo raha noana sy mangetaheta. Hovokisana ianareo." Teny fikasana iray izany. Ary sambatra mihitsy aza ny noana. Sambatra ianareo mahafantatra mihitsy aza fa Andriamanitra no niteny taminareo, satria Izao no voalaza hoe, "Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha."

173 Ary, Tompo, ireo izay mpiady tranainy fahiny eto, nanangana ny tànany izy ireo. Natsangako ny ahy. O Tompo, omeo tanjaka izahay, omeo Hery izahay hanatsotra ny tànan'Ny Zanakao masina Jesosy, mba hahavita an'ireo famantarana sy fahagagana, mba hisian'ny asam-panompoana iray lalina kokoa,

zavatra iray lehibe kokoa noho izay efa hany nitranga. Omeo fahasahiana sy fitiavana izahay, mba hiteny amin'ny olona. Ekeo izany, Tompo. Mombà anay ao amin'ireo zavatra rehetra, mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay.

174 Ary rahampitso hariva, Tompo, enga anie ho tonga ny rivotra mahery mifofofofo iray, hilatsaka ato amin'ity tranobe ity, ka enga anie izany ho toy ny Andron'ny Pentekosta hafa iray mihitsy. Efa voapetraka ilay fototra. Vonona ny zavatra rehetra. Voavono ireo omby, voavono ireo matavy, voavono ireo ondrilahy; voapetraka ny latabatra, voaasa ireo nasaina. O Tompo, mandefasa jobilin'ny Pentekosta iray, rahampitso hariva, ato amin'ity tranobe ity, ary fenoy ny batisan'ny Fanahy Masina ny fanahy rehetra. Ekeo izany, Ray. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

. . . hianatra zavatra betsaka isika,
Hanana harpa iray izay vita amin'ny volamena isika, angamba tady an'arivony;
Hihira sy hikiakiaka ary handihy ny amin'izany isika, ny Zanak'ondry no hanamaina an'ireo ranomasontsika;
Isika dia hanana trano- . . . herinandro lehiben'ny fodiana any an-trano, ilay iray alina taona voalohany. Amena!

Ny Rà sarobidin'ny Zanak'Andriamanitra Manokana no nanadio sy nanamasina
Vahoaka iray ho an'Ny Anarany ary izy ireo no antsoina hoe ny Ampakarina.
Na dia atao tsirambina sy amavoina aza ety, indray andro any ny Tompo dia hitondra
An'ireo izay nofidiana ao anatin'ilay vavahady, ary izany dia mendrika ny reh- . . .

Ho An'Ny Inona No Nanomezana Ny Fanahy Masina? MAG59-1217

(What Was The Holy Ghost Given For?)

Ny Fanahy Masina tohiny

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alakamisy hariva, 17 Desambra 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org